# Toro-lalana tsotra ho an'ny mpikambana eto amin'ny fiangonana

# BOKY TORO-LALANA TSOTRA HO AN'NY MPIKAMBANA

ETO AMIN'NY

# ***FIANGONAN'NY NAZAREANA***

# Church Members Handbook
# Malagasy

## Toro-lalana tsotra ho an'ny mpikambana eto amin'ny Fiangonan'ny Nazareana

**Boky toro-lalan'ny Fiangonan'ny Nazareana 2009 – 2013 natao amin'ny fomba tsotra sy mora, nataon'i Neville Bartle.**

**©Natao tao amin'ny trano famoaham-boky Nazareana**

**Fiangonan'ny Nazareana**
**P.O. Box 16973**
**Suva, Fiji**

**Nahazo alalana ny fanontana ity boky ity avy amin'ny**
**Trano famoaham-boky Nazareana eto Afrika**
**P.O. Box 1288**
**Florida**
**1710**
**Repoblikan'i Afrika atsimo**

**ISBN -978-0-7977-1178-5**

# Votoatiny

**Soatoavina fototra ................................................................5**

**Fampidirana ..............................................................7**

**Andalam-pinoana .....................................................8**

**Fitsipika arahan'ny mpikambana ............................. 17**

**Ny fanekena amin'ny fitondran-tena Kristiana........... 19**

**Fandaminana ny fiangonana ................................... 27**

**Ny fiangonana eo an-toerana........................................29**

**Ny fihaonan'ny distrika ........................................... 39**

**Ny fihaonam-be ............................................................42**

**Ny mpanompo ...............................................................54**

# Soa-toavina fototry ny Fiangonana Nareana

Ny soa-toavina fototra dia tena zava-dehibe eo amin'ny soatoavin'ny Fiangonana Nazareana.

**Kristiana isika,** mahasahy milaza am-pahibemaso miaraka amin'ny mpino marina rehetra fa Jesosy Kristy no Tompo. Mino isika fa tia antsika Andriamanitra ka nanome antsika ny zanany lahy tokana, Jesosy ho Mpamonjy antsika. Mino isika fa noho ilay fahafatesan'I Kristy, dia afaka mandray famelan-keloka amin'ny otantsika isika ary hiverina indray ilay fifandraisana marina amin'Andriamanitra. Satria efa vita fihavanana tamin'Andriamanitra isika, dia mino ihany koa fa tsy maintsy mamitrana fihavanana amin'ny hafa ihany koa. Tokony ho tia any olona rehetra isika tahaka ny fitiavan'Andriamanitra antsika, hamela ny hafa tahaka ny namelan'Andriamanitra antsika. Manaiky isika fa ny Soratra Masina no loharanon'ny fahamarinana ara-panahy. Manaraka ny fahamasinana Wesleyana isika ary manaiky ny faneke-pinoana sy ny finoana ny finoana Kristiana.

**Masina isika,** ny Soratra Masina mihitsy no nilaza izany ary amin'ny fahasoavana no hiderantsika an'Andriamanitra sy hitiavantsika Azy amin'ny fontsika rehetra, amin'ny fanahintsika rehetra, amin'ny saintsika rehetra ary amin'ny herintsika rehetra, ary koa ny fitiavantsika ny namantsika tahaka ny tenantsika. Mino isika amin'ny fananantsika finoana fa ny Fanahy Masina no manova sy manome hery antsika isan'andro ka hahatonga antsika ho olon'ny fitiavana, manaraka ireo fitsipika ara-panahy, tsara fitondran-tena, madio fisainana, hanao asa fitserana ary olona mahitsy tsy manao tsindry hazo lena. Asan'ny Fanahy Masina no mamerina antsika amin'ny laoniny tahaka ny endrik'Andriamanitra ary tokony hivoaka eo amintsika ilay toetran'I Kristy. Ny fahamasinana eo amin'ny fiainan'ny mpino dia hita amin'ny fahahafana an'I Kristy.

**Manao iraka isika,** hanao mpianatra ny firenena rehetra hanahaka an'i Kristy ... manerana izao tontolo izao. Manomboka eo amin'ny fivoriam-bavaka ny iraka ary avy eo mandeha eo amin'izao tontolo izao. Ny iraka ataontsika dia mandray ireo mpino vaovao ary manomboka manangana fiangonana vaovao na kongregasiona vaovao. Ny iraka ataontsika ihany koa dia ny mizara ny fitiavan'Andriamanitra ho an'ireo izay mbola very ary asa fitserana ho an'ireo mahantra ary fanampiana ireo olona izay voaratra na voan'ny tsindry hazo lena. Miantso ny olona ho amin'ny finoana, mifampitondra izay mavesatra ary ao anatin'izany ihany koa ny fananana fotoana hihaonana ary hivavahana amin'ny anaran'ny Tompo.

Mila manolo-tena hampiofana sy hampianatra isika mba hahatonga ny lehilahy sy vehivavy ho voatao amin'ny maha mpitarika Kristiana azy ary hanatanteraka ny asa izay asain' Andriamanitra ataony.

# Boky toro-lalana ho an'ny mpikambana ato amin'ny Fiangonan'ny Nazareana

## Fampidirana

Hanampy ny mpikambana ato amin'ny Fiangonan'ny Nazareana ity boky ity hahalalany ny fiasan'ny fiangonana. Ny boky toro-lalana no tena ahitana ny antsipirihan'ny fiasan'ny fiangonana ary tena ara-dalana ho an'ny Fiangonan'ny Nazareana. Fa maro ny olona, indrindra fa ireo olona tsy mampiasa ny teny anglisy ho tenim-pirenena, no mahita fa tena sarotra ny teny nampiasaina ao anatin'ny boky toro-lalana. Fa ity boky ity kosa dia nampiasana teny tsotra mba hahatonga antsika hahazo tsara ny teboka lehibe hita sy tsy maintsy arahina ao amin'ny fiangonana eo an-toerana sy ny asan'ny distrika. Ny isa ao anaty fononteny no maneho anao ny ahitana izany ao anatin'ny boky toro-lalana (2009- 2013) raha toa ka tianao hojerena amin'ny antsipirihany izay voalaza ato.

## Filazana ny amin'ny iraka (Boky toro-lalana p 44)

Ny asan'ny Fiangonan'ny Nazareana dia ny mampahafantatra ny olona rehetra ny fahasoavan'Andriamanitra manova zavatra amin'ny alalan'ny famelana ny fahotana sy ny fanadiovana ny fo ao amin'i Jesosy Kristy. Ny iraka voalohany sy lehibe indrindra amintsika dia ny "manao mpianatra," mba hampiombona ny mpino hanana fifandraisana akaiky sy ho mpikambana ao amin'ny Fiangonana, sy hampianatra ireo rehetra izay mandeha amin'ny finoana ho amin'ny asa fanompoana. Ny tanjontsika dia hahita ny olona hanana fiainam-pahamasinana izay hahafaly an'Andriamanitra.

Ao amin'ny fiangonana eo an-toerana no hiainan'ny olona ny famonjena, ny fanatanterahana, ny fampianarana, ary ny fanatontosana ny iraka ampanaovin'i Kristy. Ny fiangonana eo an-toerana, izay Tenan'i Kristy, no fanehoana ny finoantsika sy ny iraka ataontsika. Ireo fiangonana ireo dia mivondrona ho distrika sy faritra

# Andalam-pinoana (1-22)

## Andriamanitra Telo Izay Iray

**1.** Mino an'ilay Andriamanitra tokana misy hatrizay hatrizay isika, ilay tsy manam-pahataperana, ilay tsy refesi-mandidy eo amin'izao tontolo izao; izay hany Andriamanitra, mpamorona sy mpitantana, ary masina araka ny natiorany, sy ny toetrany, ary ny tanjony; fa Izy amin'ny maha-Andriamanitra Azy, dia Telo Izay Iray, ary aseho amin'ny hoe Ray, Zanaka, ary Fanahy Masina.

(Genesisy 1; Levitikosy 19:2; Deotoronomia 6:4-5; Isaia 5:16; 6:1-7; 40:18-31; Matio 3:16-17; 28:19-20; Jaona 14:6-27; 1 Korintiana 8:6; 2 Korintiana 13; 14; Galatiana 4:4-6; Efesiana 2:13-18)[1]

## Jesosy Kristy

**2.** Mino an'i Jesosy Kristy isika, ilay Persona Faharoa ao amin'Andriamanitra Telo Izay Iray; ilay niaraka tamin'Andriamanitra hatrizay hatrizay; izay tonga nofo Izy tamin'ny alalan'ny Fanahy Masina ary naterak'i Maria virijiny, mba hahatonga ny natiora anankiroa izay tanteraka, dia ny maha-Andriamanitra sy ny maha-olombelona, ho iray ao amin'ny Persona iray izay tena Andriamanitra sy tena olombelona, dia ilay Andriamanitra-olona izany.

Mino isika fa Jesosy Kristy dia maty noho ny fahotantsika, ary tena nitsangana tamin'ny maty tokoa Izy ary naka indray ny tenany niaraka tamin'ireo zavatra rehetra mifandray amin'ny fahatanterahan'ny natioran'olombelona, izay nentiny niakatra any an-danitra sy nidirany ho amin'ny fanelanelanana antsika.

(Matio 1:20-25; 16:15-16; Lioka 1:26-35; Jaona 1:1-18; Asa 2:22-36; Romana 8:3; 32-34; Galatiana 4:4-5; Filipiana 2:5-11; Kolosiana 1:12-22; 1 Timoty 6:14-16; Hebreo 1:1-5; 7:22-28; 9:24-28; 1 Jaona 1:1-3; 4:2-3, 15)

[1] Ireo andinin-tSoratra Masina dia anohanana ny Teny Finoana ary napetraka eto tamin'ny alalan'ny fanapahan-kevitry ny fivoriambe 1976 saingy tsy natao ho isan'ny lahatsoratry ny Lalàm-panorenana.

## Ny Fanahy Masina

**3.** Mino ny Fanahy Masina isika, ilay Persona Fahatelo ao amin'Andriamanitra Telo Izay Iray, izay manatrika sy miasa mahery amim-pahombiazana ao anatiny sy miaraka amin'ny Fiangonan'i Kristy, ary mandresy lahatra izao tontolo izao ny amin'ny fahotana, sy mahatonga ireo izay mibebaka sy mino ho teraka indray, manamasina ny mpino, ary mitari-dalana ho amin'ny fahamarinana rehetra izay ao amin'i Jesosy.

(Jaona 7:39; 14:15-18; 16:7-15; Asa 2:33; 15:8-9; Romana 8:1-27; Galatiana 3:1-14; 4:6; Efesiana 3:14-21; 1 Tesaloniana 4:7-8; 2 Tesaloniana 2:13; 1 Petera 1:2; 1 Jaona 3:24; 4:13)

## Ny Soratra Masina

**4.** Mino isika ny amin'ny maha tsindrimandry tanteraka ny Soratra Masina, ka avy amin'ny alalany no nahazoantsika ny boky 66 ao amin'ny Testamenta Taloha sy Vaovao, nomena teo ambanin'ny tsindrimandrin'Andriamanitra, manambara tsy misy fahadisoana ny sitrapon'Andriamanitra mikasika antsika ny amin'ny zavatra rehetra ilaina ho amin'ny famonjena antsika ka ny zavatra rehetra izay tsy ao anatin'izany dia tsy ampidirina ato ho toy ny teny finoana.

(Lioka 24:44-47; Jaona 10:35; 1 Korintiana 15:3-4; 2 Timoty 3:15-17; 1 Petera 1:10-12; 2 Petera 1:20-21)

## Ny ota, Tany am-boalohany sy An'ny Tena Manokana

**5.** Mino isika fa ny ota dia tonga teto amin'izao tontolo izao tamin'ny alalan'ny tsy fankatoavan'ny ray aman-drenintsika voalohany, ary ny ota no nahatonga ny fahafatesana. Mino isika fa ny ota dia misy karazany roa: ny ota tany am-boalohany na fahasimbana tanteraka, sy ny fahotana atao na ny an'ny tena manokana.

**5.1.** Mino isika fa ny ota tany am-boalohany, na fahasimbana tanteraka, dia ny fahasimban'ny natioran'ny taranak'i Adama rehetra ka noho izany antony izany dia lasa lavitra dia lavitry ny fahamarinana tany am-boalohany na ny fahadiovana nananan'ireo ray aman-drenintsika voalohany tamin'ny fotoana namoronana azy ireo ny olona rehetra, manohitra an'Andriamanitra, tsy manana fiainana ara-panahy, mirona amin'ny ratsy mandrakariva, ary toy izany hatrany hatrany. Mino koa isika, ambonin'izany rehetra izany

fa ny ota tany am-boalohany dia misy foana ihany eo amin’ny fiainam-baovaon’ny olona nateraka indray, mandra-pahadio tanteraka ny fony amin’ny alalan’ny batisan’ny Fanahy Masina.

**5.2.** Mino isika fa ny ota tany am-boalohany dia miavaka amin’ny fahotana atao noho izy ahitana fandovana fironana ho amin’ny fahotana atao fa tsy misy azo atao tompon’andraikitra ny amin’izany raha tsy hoe ny vahaolana nomen’Andriamanitra ny amin’izany no tsinotsinoavina na lavina.

**5.3.** Mino isika fa ny fahotana na ny fahotana ataon’ny tena manokana dia fandikana an-tsitrapo ny lalàn’Andriamanitra izay efa fantatra, ataon’ny olona mahatsiaro saina ara-moraly. Noho izany tsy tokony afangaro amin’ny tsy fahatanterahana tsy niniana natao sy tsy azo nialana, ny fahalemena, ny fahadisoana, ary ny tsy fahombiazana na izay fialana amin’ny fitsipi-pitondrantena tonga lafatra, vokatry ny fahalavoana izy io. Na izany aza, dia tsy ao anatin’ny zavatra tsy miankina amin’ny tena toy izany ny fihetsika na valin-teny mifanohitra amin’ny Fanahin’i Kristy, izay angamba antsoina hoe fahotan’ny fanahy. Mino izahay fa ny fahotana ataon’ny tena manokana, voalohany indrindra sy amin’ny maha izy azy dia fandikana ny lalàn’ny fitiavana; ary eo amin’ny fifandraisana amin’i Kristy, ny fahotana dia azo faritana hoe tsy finoana.

(Fahotana hatrany am-boalohany: Genesisy 3; 6:5; Joba 15:14; Salamo 51:5; Jeremia 17:9-10; Marka 7:21-23; Romana 1:18-25; 5:12-14; 7:1-8:9; 1 Korintiana 3:1-4; Galatiana 5:16-25; 1 Jaona 1:7-8

(Fahotana ataon’ny tena manokana: Matio 22:36-40 {miaraka amin’ny 1 Jaona 3:4}; Jaona 8:34-36; 16:8-9; Romana 3:23; 6:15-23; 8:18-24; 14:23; 1 Jaona 1:9–2:4; 3:7-10)

## Ny asa fanavotana

**6.** Mino isika fa Jesosy Kristy, tamin’ny alalan’ny fijaliany, sy ny fandatsahany ny rany, sy ny fahafatesany teo amin’ny hazo fijaliana, dia nanao asa fanavotana feno ho an’ny fahotan’ny olombelona, ary izany asa fanavotana izany no hany fototry ny famonjena, ary ampy izany ho an’ny tsirairay amin’ny taranak’i Adama. Ary omena am-pahasoavana ho famonjena ireo tsy tompon’andraikitra sy ireo ankizy ao anatin’ny tsy fananany tsiny izany saingy ho famonjena kosa ireo izay efa mahatratra ny taona maha-tompon’andraikitra azy

dia mandaitra izany raha toa ka mibebaka sy mino izy ireo.

(Isaia 53:5-6, 11; Marka 10:45; Lioka 24:46-48; Jaona 1:29; 3:14-17; Asa 4:10-12; Romana 3:21-26; 4:17-25; 5:6-21; 1 Korintiana 6:20; 2 Korintiana 5:14-21; Galatiana 1:3-4; 3:13-14; Kolosiana 1:19-23; 1 Timoty 2:3-6; Titosy 2:11-14; Hebreo 2:9; 9:11-14; 13:12; 1 Petera 1:18-21; 2:19-25; 1 Jaona 2:1-2)

## Ny Fahasoavana mialoha

**7.** Mino isika fa tao anatin'ny famoronana ny olombelona ho araka ny endrik'Andriamanitra dia ahitana ny fahafahany misafidy ny tsara na ny ratsy, ary amin'izany ny olombelona dia natao tompon'andraikitra ara-moraly; ary tamin'ny fahalavoan'i Adama dia simba tanteraka ireo ka tsy afaka miverina sy manomana ny tenan'izy ireo amin'ny alalan'ny herin'ny tenany sy ny asa ataon'izy ireo ho amin'ny finoana sy ny fiantsoana an'Andriamanitra. Nefa mino koa isika fa ny fahasoavan'Andriamanitra amin'ny alalan'i Jesosy Kristy dia omena maimaim-poana ho an'ny olona rehetra, ka mahatonga ny rehetra izay te-hiala amin'ny fahotana ho amin'ny fahamarinana, hino an'i Jesosy Kristy ho amin'ny famelan-keloka sy ny fanadiovana ho afaka amin'ny ota, sy hanao asa tsara izay ankasitrahana sy azo ekena eo imasony.

Mino isika fa ny olona rehetra, na dia manana ny traikefa ny amin'ny fahaterahana indray sy ny fanamasinana manontolo aza, dia mety ho lavo hiala amin'ny fahasoavana ary hanohitra izany, ka raha tsy mibebaka amin'ny fahotany ireo, dia tsy hisy fanantenana ka ho very mandrakizay.

(Ny fitoviana amin'Andriamanitra sy ny andraikitra ara-moraly: Genesisy 1:26-27; 2:16-17; Deotoronomia 28:1-2; 30:19; Josoa 24:15; Salamo 8:3-5; Isaia 1:8-10; Jeremia 31:29-30; Ezekiela 18:1-4; Mika 6:8; Romana 1:19-20; 2:1-16; 14:7-12; Galatiana 6:7-8

(Tsy fahafahana araka ny natiora: Joba 14:4; 15:14: Salamo 14:1-4: 51:5; Jaona 3:6a; Romana 3:10-12; 5:12-14, 20a; 7:14-25)

(Fahasoavana maimaim-poana sy ny asan'ny finoana: Ezekiela 18:25-26; Jaona 1:12-13; 3:6b; Asa 5:31; Romana 5:6-8, 18; 6:15-16, 23; 10:6-8; 11:22; 1 Korintiana 2:9-14; 10:1-12; 2 Korintiana 5:18-19; Galatiana 5:6; Efesiana 2:8-10; Filipiana 2:12-13; Kolosiana 1:21-23; 2 Timoty 4:10a; Titosy 2:11-14; Hebreo 2:1-3; 3:12-15; 6:4-6; 10:26-31; Jakoba 2:18-22; 2 Petera 1:10-11; 2:20-22)

## Fibebahana

**8.** Mino isika fa ny fibebahana, izay tena amin'ny fo sy amin'ny alalan'ny fiovan'ny saina tanteraka manoloana ny fahotana, isian'ny fahatsapan-tena amin'ny fahamelohana sy fialana an-tsitrapo amin'ny fahotana, dia takiana amin'ny rehetra izay lasa mpanota tamin'Andriamanitra na tamin'ny fikasana izany na tamin'ny zavatra natao. Ny Fanahin'Andriamanitra no manome an'ireo izay maniry ny hibebaka ny fanampiana feno fahasoavana hananany fo mibebaka sy fanantenana ny famindrampo, mba hinoan'ireo ny famelan-keloka sy ny fiainana ara-panahy.

(2 Tantara 7:14; Salamo 32:5-6; 51:1-17; Isaia 55:6-7; Jeremia 3:12-14; Ezekiela 18:30-32; 33:14-16; Marka 1:14-15; Lioka 3:1-14; 13:1-5; 18:9-14; Asa 2:38; 3:19; 5:31; 17:30-31; 26:16-18; Romana 2:4; 2 Korintiana 7:8-11; 1 Tesaloniana 1:9; 2 Petera 3:9)

## Fanamarinana, Fahaterahana indray, ary Fananganana anaka

**9.** Mino isika fa ny fanamarinana dia asan'Andriamanitra feno fahasoavana sy amin'ny fitsarana izay anomezany famelan-keloka feno tamin'ny heloka rehetra sy fahafahana tamin'ny sazy noho ny ota natao, ary fanekena ho marina ho an'izay rehetra mino an'i Jesosy Kristy sady mandray Azy ho Tompo sy Mpamonjy.

**10.** Mino isika fa ny fahaterahana indray, na ny fahateraham-baovao, dia asan'Andriamanitra feno fahasoavana eo amin'ny natioran'ny fitondran-tenan'ny mpino nibebaka, izay nofohazina ara-panahy mba hananany fiainam-panahy miavaka ho afaka mino sy mitia ary mankatò.

**11.** Mino isika fa ny fananganana anaka dia asan'Andriamanitra feno fahasoavana ka hametrahany ny mpino nohamarinina sy nateraka indray ho zanak'Andriamanitra.

**12.** Mino isika fa ny fanamarinana, fahaterahana indray, ary ny fananganana anaka dia miara-mitranga eo amin'ny traikefa niainan'ireo mpitady an'Andriamanitra ary azo avy amin'ny finoana, ialohavan'ny fibebahana; ary koa amin'izany asa sy fahasoavana izany no ijoroan'ny Fanahy Masina vavolombelona.

(Lioka 18:14; Jaona 1:12-13; 3:3-8; 5:24; Asa 13:39; Romana 1:17; 3:21-26; 28; 4:5-9, 17-25; 5:1, 16-19; 6:4; 7:6; 8:1, 15-17; 1 Korintiana 1:30; 6:11; 2 Korintiana 5:17-21; Galatiana 2:16-21; 3:1-14, 26; 4:4-7; Efesiana 1:6-7; 2:1, 4-5; Filipiana 3:3-9; Kolosiana 2:13; Titosy 3:4-7; 1 Petera

1:23; 1 Jaona 1:9; 3:1-2, 9; 4:7; 5:1, 9-13, 18)

## Ny Fanamasinana manontolo

**13.** Mino isika fa ny fanamasinana manontolo dia ilay asan'Andriamanitra, aorian'ny fahaterahana indray, izay anafahana ny mpino ho afaka amin'ny fahotana tany am-boalohany, na fahasimbana tanteraka, ka ho tonga amin'ny fanoloran-tena tanteraka ho an'Andriamanitra, ary natao tanteraka ilay fankatoavam-pitiavana masina.

Tanteraka amin'ny alalan'ny batisan'ny Fanahy Masina izany, ary mametraka ao anaty traikefa iray ny fanadiovana ny fo ho afaka tamin'ny fahotana, sy ny fitoeran'ny Fanahy Masina sy ny fanatrehany ary ny fanomezany hery ny mpino ho amin'ny fiainana sy asa fanompoana.

Ny fanamasinana manontolo dia nomena tamin'ny alalan'ny ràn'i Jesosy, tanterahana eo no ho eo amin'ny alalan'ny finoana, ialohavan'ny fanoloran-tena tanteraka; ary amin'izany asa sy toetry ny fahasoavana izany no ijoroan'ny Fanahy Masina vavolombelona

Ity traikefa ity dia fantatra amin'ny teny maro mampiseho ireo dingana samy hafa toy ny "fahatanterahana Kristiana," "fitiavana tanteraka," "fahadiovam-po," "batisan'ny Fanahy Masina," "fahafenoam-pitahiana," ary "fahamasinana Kristiana."

**14.** Mino isika fa misy fahasamihafana lehibe eo amin'ny fo madio sy ny toetra matotra. Ilay voalohany dia azo ao anatin'ny fotoana fohy, vokatry ny fanamasinana manontolo; ilay farany kosa dia vokatry ny fitomboana amin'ny fahasoavana.

Mino isika fa ny fahasoavan'ny fanamasinana manontolo dia ahitana ny faniriana lalina hitombo amin'ny fahasoavana. Na izany aza, izany faniriana lalina izany dia tsy maintsy fahanana amim-pitandremana, ary tsy maintsy kajiana am-pahamalinana ny zavatra ilaina sy ny fizotry ny fitomboana sy fihatsarana ara-panahy amin'ny itovizana amin' i Kristy eo amin'ny toetra sy ny maha-izy azy. Raha tsy misy ny ezaka ombam-pikasana toy izany dia mety ho simba ny fijoroana vavolombelona ataon'ny olona iray ary hanahirana azy ny fahasoavana noho izany ka ho very.

(Jeremia 31:31-34; Ezekiela 36:25-27; Malakia 3:2-3; Matio 3:11-12; Lioka 3:16-17; Jaona 7:37-39; 14:15-23; 17:6-20; Asa 1:5; 2:1-4; 15:8-9;

Romana 6:11-13, 19; 8:1-4, 8-14; 12:1-2; 2 Korintiana 6:14–7:1; Galatiana 2:20; 5:16-25; Efesiana 3:14-21; 5:17-18; 25-27; Filipiana 3:10-15; Kolosiana 3:1-17; 1 Tesaloniana 5:23-24; Hebreo 4:9-11; 10:10-17; 12:1-2; 13:12; 1 Jaona 1:7, 9)

(“Fahatanterahana Kristiana,” “fitiavana tanteraka”: Deotoronomia 30:6; Matio 5:43-48; 22:37-40; Romana 12:9-21; 13:8-10; 1 Korintiana 13; Filipiana 3:10-15; Hebreo 6:1; 1 Jaona 4:17-18“Fahadiovam-po”: Matio 5:8; Asa 15:8-9; 1 Petera 1:22; 1 Jaona 3:3
“Batisan’ny Fanahy Masina”: Jeremia 31:31-34; Ezekiela 36:25-27; Malakia 3:2-3; Matio 3:11-12; Lioka 3:16-17; Asa 1:5; 2:1-4; 15:8-9

“Fahafenoam-pitahiana”: Romana 15:29

“Fahamasinana Kristiana”: Matio 5:1-7:29; Jaona 15:1-11; Romana 12:1–15:3; 2 Korintiana 7:1; Efesiana 4:17–5:20; Filipiana 1:9-11; 3:12-15; Kolosiana 2:20-3:17; 1 Tesaloniana 3:13; 4:7-8; 5:23; 2 Timoty 2:19-22; Hebreo 10:19-25; 12:14; 13:20-21; 1 Petera 1:15-16; 2 Petera 1:1-11; 3:18; Joda 20-21)

## Ny Fiangonana

**15.** Mino ny fiangonana isika, dia ny fiombonan’ireo izay manaiky an’i Jesosy Kristy ho Tompo, ireo olon’ny faneken’Andriamanitra nohavaozina tao amin’i Kristy, ny tenan’i Kristy nantsoina ho iray tamin’ny Fanahy Masina tamin’ny alalan’ny Teny.

Nantsoin'Andriamanitra ny fiangonana mba hanambara ny fiainany ao amin’ny firaisana sy ny fiarahana amin’ny Fanahy; ao amin’ny fanompoam-pivavahana amin’ny alalan’ny fitoriana ny Teny, fanarahana ny sakramenta, sy ny asa fanompoana amin’ny anarany; amin’ny fankatoavana an’i Kristy sy ny fifampitokisana.

Ny iraky ny Fiangonana eto amin’izao tontolo izao dia ny mba hanohy ny asam-panavotana nataon’i Kristy ao amin’ny herin’ny Fanahy amin’ny alalan’ny fiainana masina, fitoriana ny filazantsara, ny fanaovana mpianatra, ary ny asa fanompoana.

Ny Fiangonana dia zavatra tena misy tokoa ara-tantara, izay miforona mifanaraka amin’ny endri-kolontsaina misy, ary misy izy amin'ny maha-fiangonana eo an-toerana sy amin'ny maha fiangonana maneran-tany azy; izy koa dia manokana olona nantsoin’Andriamanitra ho amin’ny asa fanompoana manokana.

Nantsoin'Andriamanitra ny fiangonana mba hiaina eo ambanin'ny fanapahany eo am-piandrasana ny fiafaran'izao tontolo izao amin'ny fiverenan'i Jesosy Kristy Tompontsika.

(Eksodosy 19:3; Jeremia 31:33; Matio 8:11; 10:7; 16:13-19, 24; 18:15-20; 28:19-20; Jaona 17:14-26; 20:21-23; Asa 1:7-8; 2:32-47; 6:1-2; 13:1; 14:23; Romana 2:28-29; 4:16; 10:9-15; 11:13-32; 12:1-8; 15:1-3; 1 Korintiana 3:5-9; 7:17; 11:1, 17-33; 12:3, 12-31; 14:26-40; 2 Korintiana 5:11–6:1; Galatiana 5:6, 13-14; 6:1-5, 15; Efesiana 4:1-17; 5:25-27; Filipiana 2:1-16; 1 Tesaloniana 4:1-12; 1 Timoty 4:13; Hebreo 10:19-25; 1 Petera 1:1-2, 13; 2:4-12, 21; 4:1-2, 10-11; 1 Jaona 4:17; Joda 24; Apokalypsy 5:9-10)

## Batisa

**16.** Mino isika fa ny batisa Kristiana, izay nandidian'ny Tompo dia sakramenta manambara ny fanekena ny fitahiana avy amin'ny asa fanavotana nataon'i Jesosy Kristy, ary tanterahina amin'ny mpino mba ho fanambarany ny finoany an'i Jesosy Kristy ho Mpamonjy azy, ary fikasam-pankatoavana feno amin'ny fahamasinana sy ny fahamarinana.

Ny Batisa amin'ny maha-mariky ny fanekena vaovao azy, dia azo atao batisa ny zaza madinika, araka ny fangatahan'ny ray aman-dreny na mpitaiza izay hiantoka azy ireo amin'ny fitaizana Kristiana ilaina.

Ny Batisa dia azo atao amin'ny alalan'ny famafazana rano, fandrarahana rano, na fanitrihana anaty rano, araka izay safidin'ilay olona hatao batisa.

(Matio 3:1-7; 28:16-20; Asa 2:37-41; 8:35-39; 10:44-48; 16:29-34; 19:1-6; Romana 6:3-4; Galatiana 3:26-28; Kolosiana 2:12; 1 Petera 3:18-22)

## Ny Fanasan'ny Tompo

**17.** Mino isika fa ny Latabatra iraisana sy natao ho fahatsiarovana izay napetrak'ilay Jesosy Kristy Tompontsika sy Mpamonjy dia tena sakramentan'ny Testamenta Vaovao tokoa, manambara ny amin'ny fahafatesam-pisoronany izay nahatonga ny mpino hanana fiainana sy famonjena ary ny fanantenana ny amin'ny fitahiam-panahy rehetra ao amin'i Kristy. Izany dia natao manokana ho an'ireo izay niomana ho amin'ny fankasitrahana feno fanajana ny maha-zava-dehibe izany, ary amin'ny alalan'izany no anehoan'izy ireo ny fahafatesan'ny

Tompo mandra-pihaviny. Amin’ny maha-fanasana iraisana azy, dia ireo izay manana finoana an’i Kristy sy fitiavana ny olona masina ihany no antsoina mba handray anjara amin’izany.

(Eksodosy 12:1-14; Matio 26:26-29; Marka 14:22-25; Lioka 22:17-20; Jaona 6:28-58; 1 Korintiana 10:14-21; 11:23-32)

## Ny Fanasitranana avy amin'Andriamanitra

**18.** Mino isika ny amin’ny foto-pampianaran’ny Baiboly momba ny fanasitranana avy amin’Andriamanitra ary amporisihantsika ny olontsika mba hikatsaka ny hivavaka amin’ny finoana ho fanasitranana ny marary. Mino koa isika fa Andriamanitra dia manasitrana amin’ny alalan’ny fahaizana ara-pitsaboana amin'ny fanafody vita ara-tsiansa.

(2 Mpanjaka 5:1-19; Salamo 103:1-5; Matio 4:23-24; 9:18-35; Jaona 4:46-54; Asa 5:12-16; 9:32-42; 14:8-15; 1 Korintiana 12:4-11; 2 Korintiana 12:7-10; Jakoba 5:13-16)

## Ny Fiverenan’i Kristy Fanindroany

**19.** Mino isika fa Jesosy Kristy Tompo dia hiverina indray; ka isika izay velona amin’ny fotoana iverenany dia tsy hialoha làlana ireo izay efa nodimandry ao amin’i Kristy Jesosy akory; fa, raha mitoetra ao Aminy isika, dia ho entina miaraka amin’ireo olo-masina mitsangana ireo mba hihaona amin’ny Tompo eny amin’ny rahona, mba hiarahantsika amin’ny Tompo mandrakizay.

(Matio 25:31-46; Jaona 14:1-3; Asa 1:9-11; Filipiana 3:20-21; 1 Tesaloniana 4:13-18; Titosy 2:11-14; Hebreo 9:26-28; 2 Petera 3:3-15; Apokalypsy 1:7-8; 22:7-20)

## Fitsanganana, Fitsarana, ary Fiafarana

**20.** Mino isika ny amin’ny fitsanganan’ny maty, ka ny vatan’ny marina sy ny tsy marina dia samy hitsangana ary hitambatra amin’ny fanahiny–“Ireo izay nanao ny tsara dia ho any amin’ny fitsanganana amin’ny maty ho amin’ny fiainana fa ireo nanao ratsy kosa dia ho any amin’ny fahaverezana mandrakizay.”

**21.** Mino isika ny amin’ny fitsarana ho avy izay isehoan’ny olona rehetra eo anatrehan’Andriamanitra mba hotsaraina araka ny zavatra vitany teto amin’ity fiainana ity.

**22.** Mino isika fa ny fiainana be voninahitra sy mandrakizay dia

azo antoka ho an'ireo izay mino sy nanaraka tamim-pankatoavana an'i Jesosy Kristy Tompontsika; ary ireo izay tsy nibebaka mihitsy dia hijaly mandrakizay any amin'ny helo.

(Genesisy 18:25; 1 Samoela 2:10; Salamo 50:6; Isaia 26:19; Daniela 12:2-3; Matio 25:31-46; Marka 9:43-48; Lioka 16:19-31; 20:27-38; Jaona 3:16-18; 5:25-29; 11:21-27; Asa 17:30-31; Romana 2:1-16; 14:7-12; 1 Korintiana 15:12-58; 2 Korintiana 5:10; 2 Tesaloniana 1:5-10; Apokalypsy 20:11-15; 22:1-15)

# Fitsipika mifehy ny mpikambana ato amin'ny fiangonana

Olona izay efa nandray an'i Jesosy ho Mpamonjy azy, manana hetaheta hiditra sy hanatrika ny fotoam-bavaka ao amin'ny Fiangonan'ny Nazareana, ary manana fiainam-pahamasinana. Ny tenin'Andriamanitra ihany no mampianatra antsika ny tokony ho fomba fiainantsika.

**Ny mpikambana ato amin'ny Fiangonana dia tokony hanao izao manaraka izao: (27.1)**

1. Fitiavana an'Andriamanitra amin'ny fo rehetra, saina rehetra, fanahy rehetra, hery rehetra, ary fitiavana ny namana tahaka ny tena (Eksodosy 20:3-6; Levitikosy 19:17-18; Deotoronomia 5:7-10; 6:4-5; Marka 12:28-31; Romana 13:8-10).

2. Manaitra ny sain'ireo mbola tsy voavonjy amin'ny fanambarana ny filazantsara, manasa azy ireo mba ho ao an-tranon'ny Tompo, ary miezaka ny hitondra azy ireo amin'ny famonjena (Matio 28:19-20; Asa 1:8; Romana 1:14-16; 2 Korintiana 5:18-20).

3. Miezaka ny hihavana amin'ny olona rehetra (Efesiana 4:32; Titosy 3:2; 1 Petera 2:17; 1 Jaona 3:18).

4. Miantra ireo mpianakavin'ny finoana, ka mifampitondra

amim-pitiavana (Romana 12:13; Galatiana 6:2, 10; Kolosiana 3:12-14).

5. Miezaka manao ny tsara ho an'ireo noana, voafonja, marary sy ireo izay mila fanampiana (Matio 25:35-36; 2 Korintiana 9:8-10; Galatiana 2:10; Jakoba 2:15-16; 1 Jaona 3:17-18).

6. Manome fanatitra sy ampahafolon-karena hanohanana ny asan'ny fiangonana.
(Malakia 3:8-10; Lioka 6:38; 1 Korintiana 9:14; 16:2; 2 Korintiana 9:6-10; Filipiana 4:15-19).

7. Mamonjy fotoam-bavaka tsy tapaka (Hebreo10:25, Asa 2:42), mandray ny fanasan'ny Tompo (1 Korintiana 11 23-30), ary ny fanokanana fotoana ho an'Andriamanitra ataon'ny tena manokana na miaraka amin'ny fianakaviana (Asa 17:11; 2 Tim 2:15; 3:14-16; Deoteronomiay 6:6-7; Matio 6:6).

**Ny mpikambana ato amin'ny fiangonana dia tsy tokony hanao izao manaraka izao (27.2):**

1. Fanononana foana ny anaran'Andriamanitra (Eksodosy 20:7; Levitikosy 19:12; Jakoba 5:12).

2. Fanaovana tsinontsinona ny andron'Andriamanitra ka manimbazimba ny fahamasinan'izany andro izany. (Eksodosy 20:8-11; Isaia 58:13-14; Marka 2:27-28; Asa 20:7; Apokalypsy I:10).

**3. Faharatsiana rehetra eo amin'ny firaisana ara-nofo** (Eksodosy 20:14; Matio 5:27-32; 1 Korintiana 6:9-11; Galatiana 5:19; 1 Tesaloniana 4:3-7).

**4.** Ny fahazarana na fanao izay manimba ny vatana sy ny saina. Ny Kristiana dia tokony hihevitra ny tenany ho toy ny Tempolin'ny Fanahy Masina (Ohabolana 20:1; 23:1-3; 1 Korintiana 6:17-20; 2 Korintiana 7:1; Efesiana 5:18).

5. Ny fifandirana, ny fifosana, ny fampielezana **fanaratsiana ny hafa** (2 Korintiana 12:20; Galatiana 5:15; Efesiana 4:30-32; Jakoba 3:5-18; I Petera 3:9-10).

**6. Ny tsy fahamarinana, ny fanararaotana amin'ny fividianana sy ny fivarotana, ny lainga** (Levitikosy 19:10-11; Romana 12:17; I Korintiana 6:7-10).

**7.** Ny fisian'ny fireharehana amin'ny fitafy na amin'ny fomba fiaina. Ny olontsika dia natao hitafy amim-pahatsorana sy am-pahamendrehana izay manjary lasa fahamasinana (Ohabolana 29:23, 1 Timoty 2:8-10; Jakoba 4:6; 1 Petera 3:3-4; 1 Jaona 2:15-17).

**8. Mozika, literatiora, ary fialamboly izay tsy manome voninahitra an'Andriamanitra** (1 Korintiana 10:31; 2 Korintiana 6:14-17; Jakoba 4:4).

**Isika dia tokony ho:**

**Amin'ny fitoerana amin'ny fifandraisana am-po amin'ny fiangonana, tsy manohitra fa manolo-tena tanteraka ho amin'ny foto-pampianarana sy ny fampiasana azy ary mandray anjara mavitrika amin'ny fijoroana vavolombelona sy ny fanatrarana ny hafa amin'ny fampielezana ny filazantsara** (Efesiana 2:18-22; 4:1-3; 11-16; Filipiana 2:1-8; 1 Petera 2:9-10).

## Ny fanekena amin'ny fitondran-tena Kristiana

*Fanafohezana sy fanatsotrana ny fanekena amin'ny fitondran-tena Kristiana ireto voalaza manaraka ireto fa raha hijery an'izany feno sy amin'ny antsipirihany ianao dia afaka mijery ny boky toro-lalana ao amin'ny (pejy 46-60)*

### A. Ny fiainana Kristiana

**33.** Manambara am-pifaliana ny vaovao mahafaly ny fiangonana

fa isika dia mety ho afaka amin’ny fahotana rehetra ho amin’ny fiainana vaovao ao amin’i Kristy. Amin’ny alalan’ny fahasoavan’Andriamanitra, isika Kristiana dia natao hiala tamin’ny toetra taloha sy ilay fitondran-tena taloha. Fa kosa natao “hitafy ny toetra vaovao”–ilay fomba fiainana vaovao sy masina ary koa ny fisainan’i Kristy. (Efesiana 4:17-24)

**33.1.** Ny tanjon'ny Fiangonan’ny Nazareana dia ny hampifandray ny fahamarinana ara-Baiboly amin’ny fiaraha-monina ankehitriny amin’ny fomba izay mahatonga ny foto-pampianarana sy ny faneken'ny fiangonana ho fantatra sy ho azo amin’ny kolontsaina samihafa. Tazoninay koa ny hevitra milaza fa ny Didy Folo, dia mamaritra ny etika Kristiana fototra ka tsy maintsy hankatoavina amim-pitandremana fatratra.

**33.2.** Mino isika fa ny Fanahy Masina no mitarika ny fiangonana hanana fomba fijery itambarana. Ny Fiangonan’ny Nazareana, amin’ny maha fiangonana maneran-tany azy dia mikatsaka lalana hahatonga ny fiainana Kristiana hiavaka amin’ny fahamasinana. Tokony arahina tsara amim-pitandremana ny fanekena amin’ny fitondran-tena Kristiana ho toy ny tari-dalana sy fanampiana ho amin’ny fiainana masina. Ireo izay mandika ny feon’ny fieritreretan’ny fiangonana dia hanao izay hahavery ny tenany sy hahasimba ny fijoroana vavolombelon’ny fiangonana.

**33.3.** Tsy mitombina ary tsy hanampy velively ny hanao lisitry ny ota rehetra misy eran’izao tontolo izao. Fa ny tena zava-dehibe ho an’ny mpikambana dia ny hikatsaka ny fanampian’ny Fanahy Masina hanampy azy ireo amin’ny fanavahana ny ratsy sy ny tsara. “Fantaro ny zavatra rehetra; hazony mafy izay tsara. Fadio ny fanao ratsy rehetra.” (1 Tesaloniana 5:21-22). Ny mpitarika ao amin’ny Fiangonana dia tokony hanome fampianarana tenin’Andriamanitra mba hanampy ny olona amin’ny fahalalana ny ratsy sy ny tsara.

**33.5.** Ny fanabeazana no zava-dehibe indrindra amin’ny fahatsaran’ny fiaraha-monina ara-tsôsialy sy ara-panahy. Ny sekolim-panjakana dia manabe fotsiny ihany. Zava-dehibe ho an’ny fiangonana ny mampianatra ny fitsipika fototra ara-baiboly sy ny fitondran-tena Kristiana amin’ny alalan’ny Sekoly alahady, ny

fampianarana isan'andro, ny fianarana ambony, ary ny seminera. Azo atao any an-trano ihany koa ny fampianarana mikasika ny fahamasinana. Ny Kristiana koa dia tokony amporisihina mba hiasa eny amin'ny toeram-panabeazam-bahoaka, hizara fijoroana vavolombelona ary hikasika ireny toerana ireny (Matio 5:13-14)

**34.** Tokony hialana ireto fanao manaraka ireto:

**34.1. Ialana ny fialam-boly izay manimba ny soatoavina Kristiana.** Zava-dehibe ho an'ny Kristiana no manaraka ireto soatoavina telo ireto:

1. Ny fahaiza-mitantana Kristiana eo amin'ny fotoana fialam-boly.
2. Nantsoina ho amin'ny fiainana masina ny Kristiana. Karazan-javatra maro no miditra ao amin'ny tokantranontsika amin'izao fotoana izao tahaka ny boky, ny radio, ny televiziona ary ny internet. Tsy maintsy ialana ireo fandaharana rehetra izay manalavitra antsika amin'Andriamanitra sy ny fiainam-pahamasiinana. Fa isika kosa dia tokony hanohana ireo zavatra tsara sy manampy.
3. Amin'ny maha-Kristiana antsika ihany koa dia tokony manohitra ireo izay manao tsinontsina an'Andriamanitra isika ary mandositra ireo karazam-pialamboly izay manandratra ny asan'ny devoly na koa fialam-boly maneho herisetra. Tokony ialana ihany koa ny fialam-boly izay maneho ny fitiavana ny fanetsehana ny filana ara-nofo ka manao tsinontsinona ny fenitra apetrak'Andriamanitra momba ny fahamasinan'ny fo sy ny fiainana.

Tsy maintsy mampianatra ny olona isika mikasika ny fiainam-bavaka ary hisafidy ny lalam-pahamasinana. Tokony hampiasaintsika ilay teny izany nomena an'I John Wesley izay manao hoe: "na inona na inona mampahalemy ny fisainanao, manimba ny fahalemem-panahin'ny feon'ny fieritreretanao, manamaizina ny fahatsapanao an'Andriamanitra, na manaisotra ny hatsaran'ny zavatra ara-panahy eo aminao, na inona na inona mampitombo ny fahefan'ny vatanao amin'ny sainao, izany zavatra izany dia ota aminao". (Romana 14:7-13; 1 Korintiana 10:31-33; Efesiana 5:1-18; Filipiana 4:8-9; 1 Petera 1:13-17; 2 Petera 1:3-11)

**34.2.** Ialao ny fanaovana loteria sy izay manana endrika filokana fa sady manimba anao no manimba ny fiarahamonina misy anao. (Matio 6:24-34; 2 Tesaloniana 3:6-13; 1 Timoty 6:6-11; Hebreo 13:5-6; 1 Jaona 2:15-17)

**34.3.** Aza miditra ho mpikambana amina fikambanana miafina voafatotry ny fiainana. (1 Korintiana 1:26-31; 2 Korintiana 6:14-7:1; Efesiana 5:11-16; Jakoba 4:4; 1 Jaona 2:15-17)

**34.4.** Ialao ireo karazana dihy izay mampiala amin'ny fandrosoana ara-panahy sady mamono ny mpisakana sy mpihazona ara-moraly ny olona amin'ny zavatra tsy tokony atao. (Matio 22:36-39; Romana 12:1-2; 1 Korintiana 10:31-33; Filipiana 1:9-11; Kolosiana 3:1-17)

**34.5.** Ialao ny fisotroana na fivarotana ranon-javatra mahadomelina, ary ny fihinanana na fivarotana paraky sy zava-mahadomelina.

Na ny Soratra Masina n any traikefan'ny olona dia mampisehofa fisotroana toaka sy ny fihinanana paraky dia mampisy olana eo amin'ny fiaraha-monina. Ny tanjontsika anefa dia ny hanana fiainam-pahamasinana ka noho izany dia tsy tokony hikasika ireo voalaza ireo isika. Mampianatra antsika ny Soratra Masina fa tempolin'ny Fanahy Masina isika, ka noho izany dia mila miantso ny olona isika tsy handray ireo karazan-javatra rehetra mahadomelina ireo. Ny fiainantsika dia tokony ho fijoroana vavolombelona ho an'ny hafa.

(Ohabolana 20:1; 23:29-24:2; Hosea 4:10-11; Habakoka 2:5; Romana 13:8; 14:15-21; 15:1-2; 1 Korintiana 3:16-17; 6:9-12, 19-20; 10:31-33; Galatiana 5:13-14,21; Efesiana 5:18)

**34.6.** Tsy tokony hampiasa fanafody manatony saina na manaitaitra tsy nahazoana alalana avy amin'ny dokotera isika. (Matio 22:37-39; 27:34; Romana 12:1-2; 1 Korintiana 6:19-20; 9:24-27)

## B. Fanambadiana sy fisaraham-panambadiana

**35.** Misy hery lehibe maro tokoa eo amin'ny fiarahamonina izay misy antsika izay mampalemy sy manimba ny fanambadiana sy ny ankohonana Kristiana. Zava-dehibe ho an'ny mpitandrina ny

mampianatra amin'ny alalan'ny toriteny fa ny fanambadiana dia natao haharitra. Ny fiangonana dia mila manao fampianarana mba hampahatanjaka ny fanambadiana ary hanampy amin'ny fifamatorana misy eo amin'ny ankohonana Kristiana.

Nataon'Andriamanitra ny fanorenana ny fanambadiana. Fifandraisana eo amin'ny lehilahy iray sy vehivavy iray amin'ny fiarahana, fifanampiana, sy ho fampitohizana ny taranaka. Tsy tokony hiditra amin'izany fanambadiana izay ny olona raha tsy aoaorian'ny fivavahana ny amin'ny fitarihan'Andriamanitra. Ny fanekena eo amin'ny fanambadiana dia fifamatorana ara-moraly raha samy mbola velona ny mpivady, ka ny fandikana izany dia fanimbana ny planin'Andriamanitra momba ny faharetan'ny fanambadiana.

(Genesisy 1:26-28, 31; 2:21-24; Malakia 2:13-16; Matio 19:3-9; Jaona 2:1-11; Efesiana 5:21–6:4; 1 Tesaloniana 4:3-8; Hebreo 13:4)

**35.1.** Ao amin'ny fampianarana ara-Baiboly, ny fanambadiana dia ny fanoloran-tenan'ny lahy sy ny vavy mba hiaraka ho amin'ny fiainana, ka mampiseho ny fitiavan'i Kristy lalina ny Fiangonana. Na izany aza anefa, ny fanambadiana dia natao haharitra, ary ny fisarahana dia fandikana ny fampianaran'i Kristy. Ny fandikana izany anefa dia ihoaran'ny fahasoavan'Andriamanitra izay mamela heloka rehefa katsahina amin'ny fibebahana, finoana, sy ny fanetren-tena. Ekena koa fa misy ny olona sasany izay nandalo fisaraham-panambadiana, tsy noho ny sitrapony na voatery nanao izany ho fiarovan-tena araka ny lalàna na ara-batana. (Genesisy 2:21-24; Marka 10:2-12; Lioka 7:36-50, 16:18; Jaona 7:53–8:11; 1 Korintiana 6:9-11; 7:10-16; Efesiana 5:25-33)

**35.2.** Ireo mpanompo ao amin'ny Fiangonan'ny Nazareana dia ampianarina ny amin'ny maha-masina ny fanambadiana Kristiana. Hanome toro hevitra mialohan'ny fanambadiana amin'ny fomba rehetra izy ireo mialohan'ny hanatanterahana ny mariazy, ao anatin'izany ny fitarihana ara-panahy araka ny tokony ho izy ho an'ireo izay efa niaina tamin'ny fisaraham-panambadiana. Ireo koa dia hitso-drano ny mariazy ho an'ny olona izay manana fototra ara-Baiboly momba ny fanambadiana ihany. (107-7.1)

**35.3.** Ireo mpikambana ao amin'ny Fiangonan'ny Nazareana dia natao hikatsaka am-bavaka ny vaha olana ho enti-manavotra ny

fanambadiana tsy ahitana fifaliana, mifanaraka amin’ny voady sy ny fampianaran’ny Soratra Masina, ka ny tanjona dia ny hamonjy ny tokan-trano sy hiaro ny anarana tsaran’i Kristy sy ny Fiangonany. Ny mpivady izay manana olana lehibe eo amin’ny fanambadiana dia angatahina mba hikatsaka toro-hevitra sy fitarihana avy amin’ny mpitandrina sy/na ireo mpitarika ara-panahy hafa.

**35.4.** Noho ny tsy fahalalana, ny ota ary ny fahalemen’ny olombelona, dia maro amin’ireo fiaraha-monina misy antsika no tsy manaraka ny planin’Andriamanitra. Mino isika fa Kristy dia afaka manavotra ireo olona ireo tahaka ny nataony tamin’ilay vehivavy tao tao Samaria. Amin’ny fotoana izay aharavan’ny fanambadiana arahan'ny fanambadiana indray, ireo mpivady ireo dia miaraka mikatsaka ny fahasoavan’Andriamanitra sy ny fanampiany izay mitondra fanavotana ho an’ny fifandraisan’izy ireo ao amin’ny fanambadiana.

**C. Ny Fahamasinan'ny fiainan'olombelona**

**36.** Ny fiangonan’ny Nazareana dia mino fa ny aina, na dia ny ain’ny zaza ao am-bohoka aza dia masina satria Andriamanitra no nanome ny aina. Manohitra ny fanalan-jaza ny Fiangonan’ny Nazareana. Ny fahatsapana fa vitsy nefa misy ny fepetra ara-pitsaboana izay ahitana fa tsy afaka ny ho velona ilay reny na ilay zaza ao am-bohoka na izy roa miaraka, dia tokony hatao aorian'ny fifanoloran-tsaina eo amin'ny mpitsabo sy mpanompo ny fampitsaharana ny vohoka.

Manohitra ny fanalan-jaza isika nefa ihany koa mila manana fandaharan’asa hikarakarana ny reny sy ny zaza. Rehefa misy kosa ny olan’ny vohoka tsy niriana, dia tokony hanolotra toro-hevitra am-pitiavana, vavaka ny fiangonana. Amin'izany, dia hanana endrika toy ny ivotoerana fanomezana torohevitra ny fanohanana, trano ho an'ny reny miandry vohoka, ary koa ny fanorenana na fampiasana sampan-draharaha misahana ny fananganan-jaza Kristiana.

(Genesisy 2:7, Eksodosy 20:13; 21:12-16; Levitikosy 18:21; Joba 31:15; Salamo 22:9; 139:3-16; Isaia 44:2, 24; 49:5; Jeremia 1:5; Lioka 1:15, 23-25; 36-45; Romana 12:1-2; 1 Korintiana 6:16; 7:1ff; 1 Tesaloniana 4:3-6)

## D. Ny firaisana ara-nofon'ny olombelona

**37.** Fanehoana ny fahamasinana sy ny fahatsarana izay noeritreretin'Andriamanitra ny firaisana ara-nofo. Izany dia iray amin'ireo fomba hanamafisana sy hanehoana ny fifanekena eo amin'ny mpivady. Ny Kristiana dia natao hahazo fa ny firaisana ara-nofo ao amin'ny fanambadiana dia azo sy tokony hamasinin'Andriamanitra. Ny firaisana ara-nofon'ny olombelona dia tsy tanteraka raha tsy mampiseho fitiavana sy fahatokiana.

Ny tokantrano Kristiana dia tokony ho toerana iray hianaran'ny ankizy ny toetra masina momba ny firaisana ara-nofo sy hanehoana azy ireo ny fahatanterahan'ny hevitr'izany ao anatin'ny fitiavana, fahatokiana, ary faharetana. Ny mpanompo sy ny mpanabe Kristiana eo amintsika dia tokony hilaza mazava ny fahalalana Kristiana momba ny firaisana ara-nofo, ka hamporisika ny Kristiana mba hankalaza ny fahatsarany marina, ary hiambina mafy eo anatrehan'ny mety ho fiviliana na ny fanovana ny hevitr'izany.

Ny fahitantsika ny endri-piraisana ara-nofo rehetra izay mitranga ivelan'ny fanambadian'ny lahy sy ny vavy dia mifanohitra amin'ny lalan'Andriamanitra.

Ny firaisana ara-nofo eo amin'ny lehilahy samy lehilahy na vehivavy samy vehivavy dia fomba iray izay maneho ny fahasimban'ny firaisana ara-nofo. Ny Baiboly dia milaza fa fahotana izany ary mahatonga ny fahatezeran'Andriamanitra Mino isika fa ny fahasoavan'Andriamanitra dia ampy handresy ny fanaovana izany karazam-piraisana izany (I Korintiana 6:9-11). (Genesisy 1:27; 19:1-25; Levitikosy 20:13; Romana 1:26-27; 1 Korintiana 6:9-11; 1 Timoty 1:8-10)

## E. Fitantanana Kristiana

**38. Ny hevitry ny Fitantanana.** Ny Soratra Masina dia mampianatra fa an'Andriamanitra ny olona rehetra sy ny zavatra rehetra. Noho izany dia mpitantana ny fiainana sy ny zavatra izay ananany isika. Tsy maintsy ekena fa an'Andriamanitra ny zavatra rehetra ary isika no mpitantana, satria ampamoahina eo

anatrehan'Andriamanitra isika tsirairay araka izay fitantanana nataontsika. Andriamanitra, amin'ny maha-Andriamanitry ny filaminana sy ny rafitra Azy amin'ny fombany rehetra, efa nametraka fomba fanaovana fanatitra izay mampiseho ny maha Tompon'ny zavatra rehetra ananan'ny olombelona Azy sy ny fifandraisany amin'izany. Noho izany ny zanany rehetra dia tokony hanolotra ny fahafolon-karena amim-pahatokiana sy fanatitra ho fanohanana ny filazantsara. (140)

(Malakia 3:8-12; Matio 6:24-34; 25:31-46; Marka 10:17-31; Lioka 12:13-24; 19:11-27; Jaona 15:1-17; Romana 12:1-13; 1 Korintiana 9:7-14; 2 Korintiana 8:1-15; 9:6-15; 1 Timoty 6:6-19; Hebreo 7:8; Jakoba 1:27; 1 Jaona 3:16-18)

**38.1. Storehouse Tithing.** Ny toeram-panangonana ny fahafolon-karena dia ara-tSoratra Masina ary zavatra natao ho tanterahina eo amin'ny fiainana sy hatao fahazarana ny amin'ny ametrahan'ny mpikambana amim-pahatokiana ao amin'ny fiangonana misy azy ny ampahafolony amin'izay ananany. Ny mpikambana rehetra ato amin'ny Nazareana dia hanome amim-pahatokiana ny ampahafolon-karenany. Fanampin'izany ny fanomezana fanatitra, mba hanohanana ny fiangonana eo an-toerana, ny distrika, ny faritra ary ny foibe. Ny Fiangonana eo an-toerana dia entanina handoa ny adidy any amin'ny distrika, sy ny faritra ara-potoana isam-bolana.

**38.3. Ny fanohanana ny Asa Fanompoana**. Toy izany koa, ny Tompo dia nibaiko fa ireo izay mitory ny filazantsara dia tokony hivelona amin'ny filazantsara (1 Korintiana 9:14). Ny fiangonana dia tsy maintsy manohana ireo mpanompo ao aminy, izay nantsoin'Andriamanitra, ary amin'ny maha-eo ambany fitarihan'ny fiangonana azy, efa nanolo-tena tanteraka ho amin'ny asan'Andriamanitra. Noho izany dia amporisihantsika ny mpikambana ao amin'ny fiangonana dia mila manome ny ampahafolon-karenany tsy tapaka mba hanomezana ara-dalàna ny karaman'ny mpitandrina isan-kerinandro. (115.4)

**38.4. Ny fanomezana avy amin'ny fidiram-bola, fanomezana voalamina sy voahaja.** Ny Kristiana tsirairay dia tokony hanome amim-pahatokiana ny ampahafolonkarenany sy ny fanatitra dieny mbola velona. Tokony hieritreritra sahady koa izy ireony amin'ny

hanaovany ny volany sy ny fananany rehefa maty izy ireo. Ny Kristiana tsirairay dia tokony hijery tsara ny fanomanana ny didim-pananany farany sy ny didy miafina izay ataony amim-pitandremana sy amin'ny fomba ara-dalàna

## F. Ireo mpiandraikitra ao amin'ny fiangonana

39. Tarihintsika ny fiangonana eo an-toerana mba tsy hifidy olona ho mpiandraikitra amin'ny fiangonana afa tsy ireo olona izay manambara ny fandalovany teo amin'ny fanamasinana manontolo ihany ka ny fiainany dia mitondra vavolombelona ho an'ny rehetra ny amin'ny fahasoavan'Andriamanitra izay miantso antsika ho amin'ny fiainam-pahamasinana; izay mifanaraka tsara amin'ny foto-pampianarana, fitondran-tena tsara, ary fanao ao amin'ny Fiangonan'ny Nazareana; ary manohana ny fiangonana eo an-toerana amim-pahatokiana amin'ny alalan'ny fanatrehana ny fotoana sy amin'ny fanaovana ny fahafolon-karena sy fanatitra

## G. Fitsipi-pandaminana

**40.** Ny fiangonana dia manaraka ny lalàna manan-kery, araka ny andininy amin'ny lalàm-panorenana amin'ny fiaraha-monina ary araka ny satan'ny fitondrana ao amin'ny *Boky Torolàlana,* ny fivoriana sy ny fiara-midiniky ny mpikambana ao amin'ny Fiangonan'ny Nazareana, eo an-toerana, ao amin'ny distrika, ary ao amin'ny sehatra foibe ary koa ny komitin'ny fanomanana dia hofehezina sy harahi-maso, araky ny *Fitsipika sy Fandaminana nataon'i Robert.*

## H. Fanitsiana ny fanekena amin'ny fitondran-tena Kristiana

**41.** Ny fametrahana ny Fanekena amin'ny Fitondran-tena Kristiana dia azo amboarina na ahitsy raha eken'ny roa ampahatelon'ny fifidianana ataon'ny mpikambana tonga sy mifidy amin'ny Fihaonambe iray.

## Fandrindrana ny fiangonana

Fomba telo no azo andrindrana ny fiangonana:

1. Ny fiangonana sasany dia ny mpitarika no manana ny fahefana rehetra.
2. Ny fiangonana sasany kosa indray dia ny mpiangona no manana ny fahefana. Tsy misy mpitarika na olona iray manana fahefana lehibe na manokana. Fa kosa, ny fitarihana dia ny loholona ao amin'ny fiangonana no mizara izany.
3. Ary ny fomba iray hafa dia na ny mpitarika na ny mpiangona dia samy manana fahefana. (endrika fisoloan-tena)
4.

Ny fiangonan'ny Nazareana dia manana endrika fisoloan-tena satria na ny mpitandrina na ny biraon'ny fiangonana dia mizara ny andraikitra rehetra amin'ny fitarihana sy ny fitantanana ny asan'ny fiangonana.

Manaiky isika ny amin' ny ilana ny fisian'ny mpitantana izay hameno sy hanohana ny fiangonana eo an-toerana amin'ny fanatanterahany ny iraka sy ny zava-kendreny. Manaiky isika fa ny fahefana izay nomena ny mpitantana dia tsy natao hanelingelina ny asa manokana ataon'ny fiangonana efa voarindra tsara. Ny fiangonana tsirairay dia manana ny zony hifidy ny mpitandriny, ny fomba fitantanana ny volany, ary hiandraikitra ny zavatra rehetra amin'ny fianany eo an-toerana sy ny asany. **(28-28.2).**

**Ny fandrindrana sy ny fitondrana eto amin'ny Fiangonan'ny Nazareana.**

Dr. Bresee, no nanorina ny Fiangonan'ny Nazareana, efa nanao asa fanompoana nandritra ny taona maro tao amin'ny fiangonana Metodista izy. Nahatsapa izy fa mila mpitarika ny fiangonana, izay afaka mampahery sy manara-maso ireo mpitandrina. Tsy nampiasa ireo mpitondra fivavahana izy fa niantso mpitarika na mpitantana. Io mpitantana io no atao lehiben'ny mpitarika ary izy no hampahery sy hanohana ireo mpitandrina rehetra ao amin'ny distrikany.

Tany amin'iny faritra andrefan'i Amerika iny, nisy fiangonana maromaro tena nahery tamin'ny fitoriana teny mikasika ny filan'ny Kristiana ny amin'ny fomba hiainana ny fiainam-pahamasinana. Nahatsapa izy ireo fa ny mpitondra fivavahana tamin'izay fotoana izany dia tena nanelingelina ny fampandehanana ny fiangonana eo an-toerana.

Noho izany dia nohamafisin'izy ireo ny fananan'ny biraon'ny fiangonana fahefana ny amin'ny fampandehanana ny fiangonana eo an-toerana.

Rehefa nanapa-kevitra ireo vondrona roa ireo fa hanangana ny Fiangonan'ny Nazareana, dia niasa mafy ny amin'ny ahitana lalana hanakambanana ny hevitra tsy mitovy mikasika ny fitarihan'ny fiangonana. Samy nanaiky izy ireo fa mila mpitantana izay afaka hampahery, hanome hevitra sy ny fomba hitarihana ny fiangonana. Nanaiky ihany koa izy ireo fa ny fiangonana eo an-toerana dia tokony hanana ny fahefany hisafidy ny mpitandriny, ary hiandraikitra ny fiainan'ny fiangonana manokana. Ny mpitandrina dia tokony hiara-hiasa betsaka amin'ny biraom-piangonana ny amin'ny fitondrana ny fiangonana eo an-toerana.

Eo amin'ny distrika kosa indray, ny mpitantana nydistrika dia tokony hiara-hiasa amin'ny biraon'ny distrika ny amin'ny fitarihana sy fitondrana ny fiangonana. Ary eo amin'ny foibe kosa indray dia ny mpitantana foibe dia miara-miasa akaiky amin'ny birao foibe mba hitarika ny fiangonana.

Misy dingana telo ny fitondrana eto amin'ny Fiangonan'ny Nazareana. Ireto avy izy ireo:

1. Fiangonana eo an-toerana
2. Ny fihaonan'ny distrika
3. Ny fihaonambe

Tena zava-dehibe ny fahalalana ny fiasan'ny dingana tsirairay mba hahafantarana ny fiasan'ny fiangonana manontolo.

## Ny fiangonana eo an-toerana

Ny tena zava-dehibe indrindra eo amin'ny Fiangonan'ny Nazareana dia ny fiangonana eo an-toerana. Eo ny olona no manao fotoam-bavaka, eo no olona no lasa Kristiana ary mitombo amin'ny fiainam-pahamasinana. Eo ihany koa no lasa mpikambana eo amin'ny fiangonana ny olona iray.

## Mpikambana eo amin'ny fiangonana (107-110)

Zavatra 4 no tsy maintsy ataon'ny olona iray taha te hiditra ho

mpikambana ato amin'ny Fiangonan'ny Nazareana izy.

1. Mijoro vavolombelona ny amin'ny efa nandraisana an'i Jesosy Kristy ho Mpamonjy eo amin'ny fiainany.
2. Manaiky ny soatoavin'ny Fiangonan'ny Nazareana.
3. Manome toky fa hanaraka ny fitsipika mifehy ny Fiangonan'ny Nazareana.
4. Manome toky fa hanohana ny fiangonana amin'ny alalan'ny fotoan'izy ireo, ny talentany ary ny fananany; amin'ny alalan'ny fahatongavana mamonjy fotoam-bavaka tsy tapaka, fanatrehana ny fandaharan'asan'ny fiangonana ary fanohanana ara-bola.

Ny mpikambana ato amin'ny fiangonana dia mihoatra lavitra noho ny olon-tsotra izay manatrika fotoam-bavaka fotsiny. Ny mpikambana dia olona izay nanao fanoloran-tena ampahibemaso fa hiasa sy hanohana ny fiangonana eo an-toerana.

**Ahoana no ahatonga ahy no mpikambana ato amin'ny fiangonana**

1. Ny olona izay te ho mpikambana dia tsy maintsy mahalala fa Jesosy no Mpamonjiny.
2. Mila manatrika ny fianarana izay manazava ny amin'ny foto-pampianaran'ny fiangonana.
3. Mananitra ny fampianarana ny amin'ny fitsipiky ny fiangonana sy ny fomba tokony hiainana.

Ny komitin'ny fitoriana filazantsara sy ny komitin'ny fidirana ho mpikambana ao amin'ny fiangonana no manao ny fanadihadihana ho an'ireo izay te hiditra ho mpikambana. Rehefa ekena izy ireo, dia miroso amin'ny fandraisana am-pahibemaso izay ataon'ny mpitandrina.

## Fivoriam-piangonana (113)

Ny fivoriam-piangonana dia fivoriana ofisialy ho an'ny fiangonana eo an-toerana. Fotoana hihaonan'ny mpikambana rehetra ao amin'ny fiangonana hiresahana sy handraisana fanapahan-kevitra ny amin'ny fiainam-piangonana, ny fitomboana ary ny fandrindrana ny fiangonana eo an-toerana.

Ny mpitandrina no mpitarika ny fivoriana
Ny sekreteran'ny biraom-piangonana no ho sekreteran'ny fivoriana rehetra ataon'ny fiangonana.
Ny fivoriam-piangonana izay fanao isan-taona dia tokony hatao 3 volana mialohan'ny fihaonam-bean'ny distrika.

Anisan'ny mampitombo ny fiangonana ny fisian'ny fandaharan'asa ataon'ny fiangonana amin'ny lehilahy sy ny vehivavy. Tsy voalaza ao anatin'ny boky torolalana izany fa nosoratana ato kosa satria fiangonana maro no efa nahita fa tena zava-dehibe izany.

**Asa ao anatin'ny fivoriam-piangonana**

Asa roa lehibe no hita ao anatin'ny fivoriam-piangonana:

1. Mihaino tatitra
2. Manao fifidianana

Hahazo tatitra avy amin'ireto manaraka ireto:

1. Ny mpitandrina (413.15)
2. Ny filohan'ny iraka(153.2)
3. Ny filohan'ny tanora (151.4)
4. Ny filohan'ny fikambanam-behivavy
5. Ny filohan'ny fikambanan-dehilahy
6. Ireo rehetra nahazo alalana hitory teny (428.1)
7. Ny sekretan'ny biraom-piangonana (135:2)
8. Ny mpitambola (136.5)
9 Ny filohan'ny Sekoly Alahady (146.6)

Ireto avy kosa no tsy maintsy ho fidiana:

1. Ny mpitandrim-panahy (137)

2. Ny mpitandrim-pananana (141,142.1)

3. Lehibean'ny Sekoly Alahady (146)

4. Biraon'ny Sekoly Alahady (145)

5. Lehibean'ny mpanao asa fanompoana ho an'ny vehivavy

6. Lehibean'ny mpanao asa fanompoana ho an'ny lehilahy

**Ny andraikitry ny mpitandrina**

Ny mpitandrina ao amin'ny fiangonana dia ireo loholona, na ireo izay nahazo alalana avy amin'ny mpitantana ny distrika. Ny mpitandrina dia ireo izay nandre antso hitondra ny tenin'Andriamanitra sy hiandry ny olon'Andriamanitra. Betsaka ny andraikitry ny mpitandrina. Hita ao amin'ny boky torolalana (412-420) izany. Azo zaraina 3 lehibe ny andraikitry ny mpitandrina.

**1. Mitory teny sy mitarika ny fandaharam-potoana rehetra**

- Toriteny
- Batisa, Fandraisana fanasan'ny Tompo, Fanambadiana sy fandevenana.
- Mitari-dalana ny asa fitoriana eo amin'ny fiangonana.

**2. Mijery ireo mpikambana ao amin'ny fiangonana.**

- Manao fitsidihana.
- Mijery ireo marary sy mahantra.
- Mampionona ireo izay nodonam-pahoriana.
- Mampahery ny olona amin'ny fanarahana ny fiainana Kristiana.
- Mikatsaka amin'ny fomba rehetra ny fiovam-pon'ny mpanota ka hiverina indray amin'Andriamanitra.

- Manampy ny Kristiana ho feno ny Fanahy Masina ary hanana fiainam-pahamasinanana.
- Mampianatra sy mampahery ny Kristiana amin'ny finoany an'Andriamanitra.

**3. Mandrindra ny asan'ny fiangonana.**

- Mandray mpikambana.
- Manome toro-hevitra ireo sampan rehetra misy ao amin'ny fiangonana (tanora, iraka, sekoly alahady, fikambanam-behivavy, fikambanan-dehilahy sy ny sisa)
- Manao tatitra isan-taona ary manome izany tatitra izany eo

amin'ny fivorian'ny distrika.

**Fiantsoana ny mpitandrina (115-123)**

Raha te hiantso mpitandrina ny fiangonana, dia tsy maintsy manaraka ireto dingana manaraka ireto izy ireo:

1. Mihaona amin'ny mpitantana ny distrika ary misafidy anarana iray mba ho fidian'ny fiangonana. Tsy maintsy loholona io olona io na mpanompo nahazo alalana. Miresaka amin'ny mpitantana ny distrika ny biraom-piangonana mampahafantatra ilay olona. Tsy maintsy eken'ny mpitantana ny distrika ilay olona ary ihany koa neken'ny rehetra ao amin'ny biraom-piangonana. (115)

2. Avy eo ampifantarina ny mpikambana rehetra ao amin'ny fiangonana ilay anarana ary izy ireo no hifidy "eny" na "tsia". Tsy maintsy mahazo 2/3n'ny vato ilay olona vao lany.

3. Hampifantarin'ny biraon'ny fiangonana amin'izay ilay olona hoe antsoinay ho mpitandrina ianao. Tsy maintsy lazaina aminy ny karamany sy ny zavatra andrasana aminy. (115.4)

4. Ilay mpitandrina voaantso dia tsy maintsy manome ny valiny ao anatin'ny 15 andro. (115.1)

   Ny mpitantana ny distrika sy ny biraon'ny distrika koa anefa dia afaka manendry mpitandrina. Azo ampiharina izany amin'ireto tranga manaraka ireto:

   a. Mbola tsy ampy 2 taona ilay fiangonana
   b. Latsaky ny 35 ny isan'ny mpikambana.
   c. Mbola ny distrika no mandoa ny ampahany amin'ny karamany.

**Fialan'ny mpitandrina (120)**

Afaka mametraka fialana ny mpitandrina iray amin'ny fanoratana taratasy fialana. Omena ny biraon'ny fiangonana sy ny mpitantana ny distrika izany taratasy izany. Ka rehefa manaiky ny birao sy ny mpitantana ny distrika dia manankery izany fialana izany. Fa ilay mpitandrina kosa dia tsy maintsy manohy ny asany ihany ao anatin'ny 30 andro aorian'ny fametrahany fialana.

Ny mpitandrina izay nametra-pialana dia hiara-miasa amin'ny mpitan-tsoratry ny biraom-piangonana mba hikarakara ny lisitr'ireo mpikambana ao amin'ny fiangonana miaraka amin'ny adiresiny. Izany lisitra izany dia tsy maintsy mifanaraka amin'izay isan'ny natontan'ny distrika farany mampiseho izay novonoina sy nanampy, ho amin'izany taona izany.

**Fanavaozana indray ny fifandraisana amin'ny Fiangonana sy ny Mpitandrina (122)**

Isan-taona, ny mpitandrina sy ny biraom-piangonana dia hitarika fivoriana fanaovana drafitra hanavaozana ireo zavatra antenaina sy ny tanjon'ny fiangonana sy ny mpitandrina. Tsy maintsy hampahafantarina ny mpitantana ny distrika izany fivoriana izany mba hahafahany manatrika eo. Ny tanjon'ny fivoriana moa dia ny famahana ny fahasamihafana amin'ny alalan'ny fanahin'ny fitiavana, fanekena, ary famelan-keloka. (121)

**Fijerena manokana ny asa fitandremana (123)**

Rehefa feno roa taona ny fitandreman'ny mpitandrina iray, dia misy ny fivorian'ny biraon'ny fiangonana hijerena ny fitandremana nataon'ny mpitandrina. Ny mpitantana ny distrika no mitarika ny fivoriana, na loholona na mpanompo notendren'ny mpitantana ny distrika. Ny tanjona dia tonga amin'ny fifanarahana tsy misy fifidianana. Raha faly ny biraon'ny fiangonana amin'ny asan'ny mpitandrina dia afaka manohy 4 taona manaraka indray izy.

Raha misafidy ny biraon'ny fiangonana fa hatolotra eo amin'ny

mpikambana eo amin'ny fiangonana izany dia mampiantso fivoriana izy ireo ka ny hanombohana azy dia ilay fanontaniana hoe: "Hotohizana ve ny fitandremana ny fiangonana ankehitriny" Raha tsy mahazo vato betsaka ny mpitandrina dia ho tapitra ny ny fitondran'ny mpitandrina amin'ny daty izay voafetran'ny mpitantana ny distrika. Fa raha mahazo ny maro an'isa amin'ny vato kosa dia manohy ny asa. (122)

**Ny biraom-piangonana (127)**

Manana birao ny fiangonana tsirairay. Ireto avy ny mpikambana ao anatin'izany:

1. Ny Mpitandrina
2. Lehiben'ny Sekoly Alahady
3. Lehiben'ny tanora
4. Lehiben'ny iraka
5. Mpitam-bola sy mpitandrim-pananana

**Fivoriana (128)**

Ny fivoriana dia tsy maintsy atao isam-bolana.

**Ny asan'ny biraom-piangonana (129- 134)**

1. Miara-miasa amin'ny mpitandrina amin'ny asan'ny fiangonana.
2. Fiantsoana mpitandrina:
   - Tsy maintsy misafidy olona iray izy ireo, rehefa mahazo ny fankatoavan'ny mpitantana ny distrika, dia atolotra ho fidiana ao amin'ny fiangonana ny anaran'ilay mpitandrina.
   - Manapa-kevitra ny amin'ny karaman'ny mpitandrina isan-taona.

3. Mifidy
   - Mpitambolan'ny fiangonana
   - Mpitantsoratry ny fiangonana
   - Manangana Komitin'ny Fitoriana Filazantsara sy Komitin'ny Fidirana ho Mpikambana ao amin'ny

Fiangonana

Atao azo antoka fa voaloa ara-dalana ny volan'ny distrika, vola ho an'ny fampianarana ary ny fitoriana filazantsara maneran-tany.

4. Atao azo antoka tsara fa mazava ny fandehan'ny vola-piangonana ary manao tatitra ara-bola isaky ny fivorian'ny biraom-piangonana ary manao tatitra ao amin'ny fivoriam-piangonana isan-taona.
5. Manendry olona roa hanisa ny fanatitra ao am-piangonana.
6. Manomana ny toe-bola ho an'ny asan'ny fiangonana isan-taona.
7. Raha toa ka efa loholona ny mpitandrina ao amin'ny fiangonana dia afaka manendry mpitoriteny eo amin'ny fiangonana ny birao.
8. Mangataka fanomezan-dalana avy amin'ny distrika ihany koa ho an'ilay mpitoriteny eo an-toerana.

## Ny mpitan-tsoratry ny fiangonana (135)

Ny andraikitry ny mpitan-tsoratry ny fiangonana:

1. Mandray an-tsoratra ny fivoriam-piangonana sy ny fivorian'ny birao.
2. Manolotra amin'ny fivoriana fanao isan-taonan'ny fiangonana ny tatitra isan-taona momba ireo asa lehibe nataon'ny fiangonana eo an-toerana, tafiditra ao anatin'izany ny antontan'isa momba ny mpikambana.
3. Mitahiry ireo taratasy ara-panjakana momba ny fiangonana.
4. Raha misy fifidianana mikasika ny mpitandrina, dia manome ny vokatr'izany ho an'ny mpitantana ny distrika.

## Mpitam-bolan'ny fiangonana (136)

Ny andraikitry ny mpitambola:

1. Mandray ny vola rehetra izay tsy nomena tamin'ny fomba hafa, ary hampiasa izany araka ny baikon'ny biraom-piangonana ihany.

2. Manao firaketana mazava tsara amin’ny boky ny vola rehetra izay miditra sy mivoaka.
3. Manao tatitra ara-bola amin’ny an-tsipirihany isam-bolana ny amin’ny fitsinjarana izany any amin’ny biraom-piangonana

**Ireo mpitandrim-panahy (137-140)**

Ny mpitandrim-panahy ao amin’ny fiangonana dia tsy tokony ho latsaky ny 3 ary tsy hihoatra ny 13. Ireto avy ny andraikiny:

1. Manompo toy ny komity misahana ny fampitomboana ny fiangonana, raha tsy efa napetraka tamin’ny fomba hafa izany, miaraka amin’ny andraikitra amin’ny fikasihana ny hafa, ny fitoriana filazantsara ary ny fanitarana, ao anatin’izany fanombohana fiangonana vaovao. Manampy sy manohana ireo mahantra sy ao anatin'ny hakiviana. Tokony hanao asa fampaherezana, famangiana, mikarakara ireo marary sy mila fanampiana ary mitarika ireo mpikambana hafa hanao asa eo amin’ny fiarahamonina.
2. Manompo, ho toy ny komitin’ny fidirana ho mpikambana.
3. Manomana ireo zavatra rehetra ilaina amin’ny fanasan’ny Tompo sy ny fizarana izany.
4. Manompo amin’ny maha mpitandrim-panahy eo an-torana ihany koa izy ireo, ka hamporisika ny olona hanome ny fotoanany, ny talentany ary ny volany ho an’ny fanaovana ny asan’ny Tompo.

**Mpitandrim-pananana (141 — 144)**

Ny mpitandrim-pananana ao amin'ny fiangonana dia tsy tokony ho latsaky ny 3 ary tsy mihoatra ny 9. Izy ireo no hiandraikitra ny tany sy ny tranon’ny fiangonana. Izy ireo ihany koa no hiandraikitra ny fampiakarana ny karaman’ny mpitandrina ka hahatonga ilay mpitandrina hanome ny fotoanany rehetra ho an’ny filana ara-panahin’ny fiangonana.

**Sekoly Alahady sy ny Komitin’ny Fanabeazana (145)**

Ao amin’ny fiangonana ahitana mpikambana 75 na latsaka, ny **Biraon'ny Sekoly Alahady**, na **Komitin’ny Fanabeazana** dia ho

isan'ny biraom-piangonana Ny birao no miandraikitra ny asan'ny Sekoly Alahady, ny fampianarana Baiboly ary ny fampianarana asa fanompoana ho an'ny fiangonana.

Mikasika olona maro izay mbola tsy mpandeha am-piangonana hanatona an'i Kristy sy ho an'ny fiangonana, ka mitondra azy ireo ho amin'ny fiombonana, mampianatra ny Tenin'Andriamanitra amim-pahombiazana, ary mitarika azy ireo ho amin'ny famonjena; mampianatra azy ireo ny foto-pampianarana momba ny finoana Kristiana sady mampandroso ny toetran'i Kristy ao amin' izy ireo, toy izany koa ny toe-tsaina, ary ny fahazarana; manampy azy ireo hanorina tokan-trano Kristiana, manomana ireo mpino ho amin'ny fidirana ho mpikambana ao amin'ny fiangonana ary manofana azy ireo ho amin'ny asa fanompoana Kristiana sahaza azy ireo.

**Ny Tanora Iraisam-pirenena Nazareana (TIN)(150 — 151.5)**

Ny asan'ny TIN dia manampy ireo tanora ary hampahery ny tanora eo an-toerana:

- Hanampy ireo tanora amin'ny fandraisana an'I Jesosy Kristy ho Tompon'izy ireo.
- Hampianatra azy ireo ny tenin'Andriamanitra sy ny foto-pampianaran'ny fiangonana.
- Hanampy azy ireo hitombo amin'ny finoana Kristiana sy ny fiainam-pahamasinana.
- Hanampy azy ireo hiditra ho mpikambana ato amin'ny fiangonana ary hazoto amin'ny asan'ny fiangonana.
- Hampitao azy ireo ka hahatonga azy hiditra amin'ny fanaovana asa fanompoana.

Ny mpiandraikitry ny TIN sy ny mpikambana ao amin'ny filan-kevitra dia fidian'ny mpikambana ao amin'ny TIN. Ireo mpikambana ao amin'ny TIN ihany sady mpikambana ao amin'ny Fiangonan'ny Nazareana eo an-toerana no mahazo alalana hifidy ny filohan'ny TIN.

Misy fanazavana amin'ny antsipirihany ao amin'ny boky toro-lalana.

**Ny Iraka Iraisam-pirenena Nazareana - IIN (153 — 155.3)**

Ny asan'ny Iraka Iraisam-pirenena Nazareana eo an-toerana dia ny fitondrana am-bavaka sy fanohanana ny mpanao iraka (misionera) maneran-tany. Ny tanjon'ny IIN dia:

1. Mandrisika ny olona hitondra am-bavaka ireo izay mbola ny niova fo.
2. Milaza ny vaovao misy ao amin'ny fiangonana any amin'ny firenena hafa.
3. Manampy ny tanora mba handrenesan'izy ireo ny antson'Andriamanitra eo amin'ny fiainana ka hahatonga azy ireo hanao asa.
4. Mampahery ny olona hanome am-pitiavana hanatanterahana ny fitoriana filazantsara eran-tany.

Ny IIN dia ahitana ny lehibeny miaraka amin'ny mpanolotsaina, ny mpitantsoratra, ary mpitambola. Raha mila fanazavana fanampiny dia jereo ao amin'ny boky torolalana.

**Fikambanan-dehilahy sy fikambanam-behivavy**

Tsy voasoratra ao anatin'ny boky torolalana izany. Nefa tokony harindra tsara tahaka ny TIN sy ny IIN. Tsara raha ny filohan'ireo fikambanana ireo dia anisan'ny ao anatin'ny birao ihany koa tahaka ny filohan'ny Tanora sy ny filohan'ny iraka.

# Fandrindrana ny distrika

## Fihaonan'ny distrika (200 — 205)

Ny fiangonana Nazareana eo an-toerana maromaro no mikambana ary manome distrika iray. Misy dingana telo ny fandrindrana ny distrika eto amin'ny Fiangonan'ny Nazareana.

### Dingana 1:

Atsangana ny Fiangonana Nazareana raha toa ka misy fahafahana miditra amin'ny toerana iray na firenena iray. Izay no atao hoe dingana voalohany. Ny lehiben'ny faritra no miresaka amin'ny foibe ny amin'ny olona izay tendrena na apetraka ho mpitantana ny distrika.

## Dingana 2:

Ny distrika ao amin'ny dingana faha 2 koa dia ny distrika izay ahitana fiangonana voarindra 10 farafahakeliny; mpikambana 500 ary loholoha voatokana 5 ary ny 50% n'ny fandaniam-bola amin'ny fitantanan-draharahan'ny distrika dia avy amin'ny vola miditra amin'ny asa fanompoana amin'ny distrika.

| **Distrika eo amin'ny dingana 2** | **Tendrena na fidiana ny mpitantana ny distrika** | |
|---|---|---|
| Fitakiana | Fiangonana voarindra 10 | Loholona voatokana 5. |
| | Mpikambana 500 | Mahavita ny 50% n'ny fandanian |

Ny biraon'ny distrika dia afaka mangataka ny hiditra amin'ny diangana faha 2. Ny lehiben'ny faritra no mitondra izany any amin'ny biraon'ny mpitantana ny foibe. Ary dia hofidiana na tendrena ny hitantana ny distrika.

## Dingana 3:

Ny distrika miditra amin'ny dingana faha 3 dia distrika maneho ny famatorana eo amin'ny fitondrana, fitantanam-bola, fahatokiana eo amin'ny foto-pampianarana, ary ny vina ny amin'ny fitomboan'ny fiangonana maneran-tany.

Anisan'ny fepetra takiana amin'izany ny tokony hisian'ny fiangonana izay efa mijoro tsara miisa 20 farafahakeliny, ary 1000 ny isan'ny mpikambana feno, miampy loholona voatokana 10, ary distrika mahavita manohana ny tenanany 100%

Ny mpitantana ny distrika dia ho fidiana mandritra ny fihaonambe.

Ireto avy no mpikambana ao anatin’ny fihaonam-be:

- Ny loholona rehetra.
- Ny mpitandrina rehetra nahazo alalana
- Mpitantsoratry ny distrika.
- Mpitambolan’ny distrika.
- Filohan’ny Sekoly alahadin’ny distrika.
- Filohan’ny tanoran’ny distrika.
- Filohan’ny irakan’nydistrika
- Filohan’ny Sekoly Alahady voafidy eo amin’ny fiangoanana eo an-toerana rehetra.
- Filohan’ny Tanora voafidy eo amin’ny fiangoanana eo an-toerana rehetra.
- Filohan’ny iraka voafidy eo amin’ny fiangoanana eo an-toerana rehetra.
- Ireo laika ao anatin’ny biraon’ny distrika
- Solo-tena avy amin’ny fiangonana eo an-toerana rehetra.

| **Isan’ny mpikambana:** | **solo-tena:** |
|---|---|
| Mpikambana 1-50 | - solo-tena 2 |
| Mpikambana 51 — 100 | - solo-tena 3 |
| Mpikambana 101 — 150 | - solo-tena 4 |
| Mpikambana151 - 200 | - solo-tena 5 |

MIdika izany fa ny fiangonana eo an-toeana dia afaka mandefa ireto manaraka ireto hanatrika ny fihaonam-be.

1. Mpitandrina, raha efa nahazo alalana na efa voatokana.
2. Filohan’ny Sekoly Alahady.
3. Filohan’ny tanora.
4. Filohan’ny iraka.
5. Solo-tena voafidin’ny fiangonana: solo-tena 2, 3, 4, na 5 na mihoatra an’izay, arakaraky ny isan’ny mpikambana.

**Fotoana hanatanterahana ny fihaonambe**

Atao isan-taona ny fihaonam-be ary ny mpitantana foibe no manendry ny fotoana.

**Ny asan'ny fihaonam-be**

Mihaino sy mandray ny tatitra avy amin'ny:

1. Ny loholona rehetra sy ireo nahazo alalana avy amin'ny distrika.
2. Mpitantana ny distrika.
3. Mpitambolan'ny distrika.
4. Komity manomana ny fihaonam-be.
5. Lehiben'ny fampianarana teolojia.
6. Biraon'ny fianarana amin'ny asa fanompoana.
7. Birao mpanome alalana

Eo amin'ny fihaonam-be no hifidianana ireto manaraka ireto:

- Mpitantana ny distrika (203.11)
- Biraon'ny filan-kevitry ny distrika 203.14)
- Birao mpanome alalana(203.15)
- Biraon'ny fianarana amin'ny asa fanompoana(203.16, 203.17)
- Birao mpiandraikitra ny Sekoly Alahady (203.20, 237)
- Birao miandraikitra ny fananan'ny fiangonana (203.18)

Ny fihaonam-be ihany koa dia:

- Manome alalana ireo mpitandrina (203.4)
- Manaiky ireo mpitandrina hiroso amin'ny fanokanana (203.6 203.7)
- Manaiky ireo mpitandrina avy any amin'ny fiangonana hafa hitandrina eto amin'ny Fiangonan'ny Nazareana.
- MIjery ary manaiky ny tatitra ara-bolan'ny distrika.

**Ny mpitantana ny distrika (206-214.1)**

Ny mpitantana ny distrika dia tsy maintsy loholona efa voatokana. Eo amin'ny distrika dingan 1, dia ny mpitantana foibe no manendry ny mpitantana ny distrika. Eo amin'ny distrika dingana faha 2 kosa dia na izy notendrena na izy nofidiana.

Eo amin'ny distrika dingana faha 3 kosa, dia fidiana ny mpitantana ny distrika. Rehefa nahavita 2 taona izy, dia mbola azo averina fidiana indray amin'ny fifidianana "eny" na "tsia" ka raha mahazo ny 2/3n'ny vato izy dia afaka manohy ny asany mandritra ny 4 taona indray. Fa raha mametra-pialana kosa indray izy na tsy lany intsony tamin'ny fifidianana dia tsy maintsy mifidy mpitantana ny distrika iray vaovao. Ao amin'ny distrika dingana faha 3 dia ny solo-tena avy amin'ny fiangonana dia afaka mifidy ny iray amin'ireo loholona ao amin'ny fiangonana. Tohizana foana ny fifidianana mandrapahazoan'ny loholona iray 2/3n'ny vato.

Eo amin'ny distrika dingana faha 2, dia ny mpitantana foibe no manendry ny mpitantana ny distrika na koa amin'ny alalan'ny fifidianana atao amin'ny fihaonambe.

Eo amin'ny distrika dingana 1 kosa dia tendrena ny mpitantana ny distrika.

**Ny andraikitry ny Mpitantana ny Distrika**

Afaka zaraina roa lehibe ny asan'ny mpitantana ny distrika:

## I. Miara-miasa amin'ny fiangonana rehetra anatin'ny distrika.

- Mandamina, mampahery ny fiangonana eo an-toerana (208.1)
- Mivory miaraka amin'ny Biraom-piangonana mijery ny asan'ny mpitandrina (121, 208.2)
- Mivory miaraka amin'ny biraom-piangonana sy ny mpitandrina ary manome azy ireo toro-hevitra sy fanampiana amin'ny resaka ara-panahy, ara-bola, ary ara-pitandremana. (208.3)
- Manome toro-hevitra ho an'ireo fiangonana rehetra mbola tsy voarindra (208.6)
- Raha mbola tsy voatokana ny mpitandrina, dia ny mpitantana ny distrika no manome alalana ny olona iray eo an-toerana amin'ny fitorian-teny. (208.12)
- Afaka mitandrina fiangonana eo an-toerana ny mpitantana ny distrika.

- Afaka mitarika ny fivoriam-piangonan'ny fiangonana eo an-toerana ny mpitantana ny distrika.
- Mankatoa na mitsipaka an-tsoratra ny fangatahana avy amin'ny mpitandrina sy ny biraom-piangonana eo an-toerana ny amin'ny fampiasana olona mpanampy mandray karama toy ny mpitarika tanora sy ny sisa…

**2. Ny mpitantana ny distrika no miandraikitra ny asa'ny distrika:**

- Mitarika ny fivorian'ny filan-kevitry ny distrika.
- Mitarika ny fihaonam-be raha toa ka tsy eo ny mpitantana foibe.
- Ao anatin'ny mikambana amin'ny birao sy ny komity rehetra ao amin'ny distrika.
- Raha misy fametraham-pialana ataon'ny olona ao anatin'ny birao dia afaka manendry olona hafa ho solony ny mpitantana ny distrika, ohatra, mpitantsoratra (208.7), mpitam-bola (208.8).

## Mpitan-tsoratry ny distrika (216 – 218)

Ny mpitantsoratry ny distrika, izay nofidian'ny Birao Mpanolo-tsaina ny Distrika, dia hiasa mandritra ny iray ka hatramin'ny telo taona ary mbola afaka fidiana indray rehefa tapitra izany.

Ny mpitan-tsoratry ny distrika dia:

1. Mandrakitra an-tsoratra mazava tsara sy mitahiry amim-pahatokiana ny antsipirihany momba ny fivorian'ny distrika.
2. Mandrakitra an-tsoratra mazava tsara sy mitahiry ny antontan'isa rehetra ao amin'ny distrika.
3. Mandefa ireo dika mitovy ny amin'ny fivorian'ny distrika tsirairay any amin'ny Birao Foibe.
4. Mitahiry ireo taratasy ara-panjakana ny amin'ny fananan'ny distrika.

## Mpitambola (219 – 220.2)

Ny filan-kevitry ny distrika no mifidy ny mpitambolan'ny distrika. Ny mpitambola dia:

1. Mandray ny vola miditra rehetra ary hamoaka izany araka ny fitarihan'ny filan-kevitry ny distrika sy ny fihaonam-be.

2. Mandray an-tsoratra mazava tsara ny vola voaray sy ny vola mivoaka ary handefa tatitra isam-bolana any amin'ny mpitantana ny distrika sy tatitra isan-taona any amin'ny fivorian'ny distrika.

**Ny birao mpanolo-tsaina ny distrika (221-225)**

Ny mpikambana ao anatin'ny biraon'ny distrika dia fidiana ao amin'ny fihaonambe isan-taona. Ireto avy ny mpikambana ao anatin'izany:

- Ny mpitantana ny distrika
- Loholona 3 na mihoatra
- Laika 3 na mihoatra

Eo amin'ny distrika dingana voalohany sy faharoa dia mety hanendry misionera iray ny lehiben'ny faritra hiditra ao anatin'ny biraon'ny filan-kevitry ny distrika. Ny mpitantana ny distrika no mitarika ny fivorian'ny filan-kevitry ny distrika.

Ny andraikitry ny birao mpanolo-tsaina ny distrika:

1. Mametraka daty ho amin'ny fisokafana sy fikatonan'ny taona iray.
2. Manome vaovao sy mifampidinika amin'ny mpitantana ny distrika mikasika ny mpanompo sy ny fiangonana eo an-toerana ao amin'ny fivorian'ny distrika. Ary koa manome hevitra ny birao sy ny komity rehetra misy eo amin'ny distrika.
3. Mifidy ny mpitahiry vola sy ny mpitantsoratra.
4. Manolotra ny fanavaozana ny fahazoan-dalana ho an'ireo mpanompo manana fahazoan-dalana miasa ho toy ny mpitandrina
5. Raha misy olona mitondra fanendrikendrehana amin'ny fitondrantena ratsy mikasika olona iray manao asa fanompoana, dia hanendry komity ahitana loholona 3 na mihoatra ny biraon'ny filan-kevitry ny distrika hijery ilay olana.
6. Miandraikitra ny fiarovana ny fananan'ny distrika rehetra.
7. Raha toa misy mpanompo manana fahazoan-dalana na

voatokana iray maneho ny taratasy fanamarinana azy avy any amin'ny fiangonana evanjelika hafa, ka manao fangatahana hiditra ao amin'ny Fiangonan'ny Nazareana, izany taratasy fanamarinana azy izany dia hodinihan'ny Birao Mpanolo-tsaina ny Distrika akaiky. Ny olona manao fangatahana toy izany dia ho raisina ho mpikambana ao amin'ny fiangonana eo an-toerana amin'ny alalan'ny fanolorana ataon'ny Birao Mpanolo-tsaina ny Distrika irery ihany.

**Ny Birao mpanome alalana amin'ny Asa Fanompoana ao amin'ny Distrika (226-228.10)**

Ny Birao mpanome taratasy fanamarinana ho amin'ny asa fanompoana ao amin'ny Distrika dia ahitana mpanompo efa notokanana tsy latsaky ny 5 ary tsy mihoatra ny 15, ka ny iray amin'ireo dia ho ny mpitantana ny distrika. Izy ireo dia hiasa mandritry ny 4 taona. Ny mpitantana ny distrika no mitarika ny fivoriana raha tsy hoe mangataka olona iray ao amin'ny birao izy hitarika ny fivoriana (atao amin'ny alalan'ny fifidianana io olona iray hitarika fivoriana io). Ny birao ihany koa no hifidy ny mpitantsoratra izay afaka handrakitra an-tsoratra ny fanapahan-kevitra rehetra tapaky ny birao.

Ny andraikitry ny birao:

1. Mandinika tsara ireo olona rehetra te-handray ny fahazoan-dalana ho an'ny asa fanompoana sy ireo hiroso amin'ny fanosorana.
2. Mametraka fanontaniana araka ny tokony ho izy amin'ireo mpanao fangatahana tsirairay sy manao fanadihadiana hafa izay hita fa tokony hatao mikasika ny traikefany manokana mikasika ny famonjena; ny traikefany manokana ny amin'ny fanamasinana manontolo amin'ny alalan'ny batisan'ny Fanahy Masina; ny fahalalana ny foto-pampianaran'ny Baiboly; ny fanekena feno ny foto-pampianarana, ny fanekena ny toetra Kristiana sy ny fanekena ny fitondran-tena Kristiana, ary ny fitsipika ny fiangonana; isehoan'ny fahasoavana, fanomezam-pahasoavana, fahalalana, fitondran-tena, ary ara-panahy, sy ny fahakingany amin'ny

ankapobeny mifanaraka amin'ny asa fanompoana izay heverin'ilay mpanao fangatahana fa iantsoana azy.

3. Raha toa ka efa nahazo alalana hitory teny ao amin'ny fiangonana ilay olona ary nanao asa fitandremana tao amina fiangonana eo an-toerana iray, dia tsy maintsy mahazo fankatoavana indray izy ny amin'ny fanohizana ilay asa amin'ny maha mpitandrina azy.

**Ny Biraon'ny Fianarana Asa Fanompoana ao amin'ny Distrika (229-231.4)**

Ny Biraon'ny Fianarana Asa Fanompoana ao amin'ny Distrika dia ahitana mpanompo efa notokanana miisa 5 na mihoatra, izay nofidian'ny fivorian'ny distrika, hiasa mandritra ny 4 taona. Ny birao no hifidy ny filoha sy ny mpitantsoratra. Ny andraikitry ny birao dia mijery ny fampianarana ho an'ireo izay hiroso amin'ny fanokanana. Izy ireo no mampahery, mitarika ary manampy ireo manaraka ny fanofanana.

**Ny Birao miandraikitra ny Fananan'ny Fiangonana ao amin'ny Distrika (233-234.5)**

Ny Birao miandraikitra ny Fananan'ny Fiangonana ao amin'ny Distrika dia ahitana ny mpitantana ny distrika izay avy hatrany sy mpikambana avy ao amin'ny mpanompo tsy latsaky ny roa sy mpikambana laika miisa roa. Ireo mpikambana dia azon'ny fivorian'ny distrika fidiana hiasa mandritra ny 4 taona. Ny andraikitry ny birao miandraikitra ny fananan'ny fiangonana ao amin'ny distrika dia manome toro-hevitra ny mpitantana ny distrika n any fiangonana eo an-toerana mikasika ny resaka tany, fananganana trano na fiangonana. Ny fananganana trano fiangonana dia mila mahazo fankatoavana avy amin'ny mpitantana ny distrika sy ny birao alohan'ny hanangana izany.

**Ny Biraon'ny Sekoly Alahady ao amin'ny Distrika (237-238.3)**

Ireto avy no mpikambana tokony ho hita ao anatin'ny birao:

- Mpitantana ny distrika
- Filohan'ny iraka ao amin'ny distrika
- Filohan'ny tanora ao amin'ny distrika

- Filohan'ny Sekoly Alahady ao amin'ny distrika ary mpikambana telo voafidy.

Aorian'ny fihaonambe avy hatrany dia mila mihaona ary mifidy ireto manaraka ireto:

- Mpitantsoratra
- Mpitambola
- Filohan'ny mpanao asa fanompoana ho an'ny lehibe.
- Filohan'ny mpanao asa fanompoana eo amin'ny ankizy.
- Ireo rehetra ireo no mandrakotra ny biraon'ny Sekoly Alahady ao amin'ny distrika. Ny birao no hanome ny toro-marika rehetra sy fanaraha-maso ny asan'ny Sekoly Alahady ao amin'ny distrika.

# Fihaonam-be

Ny Fihaonambe no manana ny fahefana ambony indrindra amin'ny famolavolana ny foto-pampianarana, fanaovana lalàna, ary ny fahefana hifidy ao amin'ny Fiangonan'ny Nazareana, ary izany dia mifanaraka amin'izay voalaza ao amin'ny Lalàm-panorenan'ny Fiangonana. Ny mpitantana foibe no mitarika ny fihaonam-be.
Ireo avy no mpikambana ao amin'ny fihaonam-be (301):

1. Ny solontena dia voafidy avy amin'ny distrika (dingana 3), laika ny antsasany ary lohololona ny antsasany.

| Mpikambana | Loholona | Laika |
|---|---|---|
| 1 - 2000 | 1 (mpitantana ny distrika) | 1 |
| 2001 - 5500 | mpitantana ny distrika + | 2 |
| 5501 — 9000 | mpitantana ny distrika + | 3 |

2. Ny distrika ao amin'ny dingana faharoa dia afaka mandefa ny mpitantana ny distrika sy laika iray any amin'ny fihaonam-be.
3. Ny distrika ao amin'ny diangana voalohany kosa dia afaka mandefa ny mpitantana ny distrika fa tsy mbola afaka mifidy izy.
4. Ny mpitantana foibe rehetra.

5. Ny mpitan-tsoratra foibe.
6. Ny mpitam-bola foibe.
7. Ny mpandaha-teny amin'ny gazety boky 'holiness today".
8. Filohan'ny tanora iraisam-pirenena.
9. Filohan'ny iraka iraisam-pirenena.
10. Lehiben'ny faritra rehetra.

**Ny fotoana fivoriana. (302)**

Ny fihaonam-be dia atao isaky ny efa-taona, volana jiona. Ohatra, 2009, 2013, 2017 …

**Ny andraikitry ny fihaonambe (305)**

1. Mifidy mpitantana foibe 6 amin'ny alalan'ny latsa-bato andanian'ny roa ampahatelon'ny mpikambana tonga mifidy.
2. Mifidy ny mpikambana ao amin'ny birao foibe.

Ny distrika dia afaka manolotra tolo-kevitra mikasika ny fanovana tiany atao ao anatin'ny boky toro-lalana. Ireo tolo-kevitra ireo dia alefa any amin'ny birao foibe ho dinihin'izy ireo. Manome ny heviny ireo komity ireo, na izy manda na manaiky, ary avy eo dia entina eo amin'ny fihaonambe, mba horesahana lalindalina kokoa ary miroso amin'ny fifidianana amin'izay avy eo. Izay no fomba azo hanovana ny boky toro-lalan'ny Fiangonan'ny Nazareana.

**Ny mpitantana foibe (306-307.14)**

Ny mpitantana foibe 6 dia tsy maintsy efa loholona. Tsy latsaky ny 35 taona ary tsy mihoatra ny 68 taona. Ireto avy ny andraikitr'izy ireo:

1. Mampita mazava tsara ny vinan'ny Fiangonan'ny Nazareana.
2. Mitarika ny fihaonambe.
3. Manampy ny distrika amin'ny alalan'ny:

   Fitarihana ny fihaonam-be na manendry olona hanatanteraka izany.

   Fanaovana fanokanana ireo olona efa voafidin'ny fivorian'ny distrika ho tokanana loholona na koa afaka

manendry olona izy hanatanteraka izany fanokanana izany.

Ireo Mpitantana Foibe, ao anatin'ny fiaraha-misalahany, dia afaka manendry mpitantana ny distrika ho eo amin'ireo fivorian'ny distrika izay ahitana fahabangana eo anelanelan'ny fotoam-pivorian'ny ao amin'ny fivorian'ny distrika ka izany dia iarahany manao amin'ny komity izay ahitana ny Birao Mpanolo-tsaina ny Distrika, ny filohan'ny Sekoly Alahady ao amin'ny Distrika, ary ireo filohan'ny Fikambanan'ny Iraka Iraisam-pirenena Nazareana (IIN) sy ny Tanora Iraisam-pirenena Nazareana (TIN) ao amin'ny Distrika, ny mpitantsoratry ny distrika ary ny mpitahiry volan'ny distrika. (207)

**Ny biraon'ny Mpitantana Foibe (315 — 324)**

Ny biraon'ny Mpitantana foibe dia manao fotoam-pivoriana isaky ny 3 volana.

1. Manao fanaraha-maso ny Fiangonan'ny Nazareana manerana ny firenen-drehetra Mizara enina ny faritra misy ny fiangonana maneran-tany ka ny mpitantana foibe iray dia miandraikitra faritra iray.
2. Manara-maso ny birao foibe sy ny departemanta rehetra ao amin'ny Birao Foibe.
3. Ny Mpitantana Foibe, miaraka amin'ny Birao Foibe, dia manana alalana sy fahefana hitsinjara ny teti-bola ho amin'ny Fitoriana Filazantsara Maneran-tany.
4. Ny Biraon'ny Mpitantana Foibe no manana fahefana ny amin'ny fanazavana sy fandikana ny lalàna sy ny foto-pampianaran'ny Fiangonana'ny Nazareana
5. Ny Biraon'ny Mpitantana Foibe dia hanana fahefana araka izay fantany fa maha mety ny fanokanana ireo olona izay efa nisara-panambadiana ho amin'ny toeran'ny loholona na diakona ao amin'ny Fiangonan'ny Nazareana
6. Ny Biraon'ny Mpitantana Foibe dia tokony hiadidy ny asa hafa rehetra ihany koa eo anivon'ny Fiangonan'ny Nazareana, na dia tsy mbola voambara aza izany, araka ny fahendrena ananany, mifanaraka amin'ny firindran'ny

fiangonana amin'ny ankapobeny, ary eo ambanin'ny Lalàm-panorenan'ny fiangonana.

## Ny Sekretera Jeneraly (325-328.1)

Ny sekretera jeneraly dia voafidin'ny birao foibe. Ny mpitantsoratra foibe dia tokony ho mahatoky manoloana ny mpitantana foibe sy ny biraon'ny mpitantana foibe.

Ny andraikitry ny sekretera jeneraly:

1. Mandrakitra an-tsoratra ny ny fivorian'ny fihaonambe.
2. Mitahiry ny antontan'isan'ny mpikambana ao amin'ny Fiangonana.
3. Mitahiry amim-pitandremana ny taratasy ara-panjakana sy ny taratasy manan-danja rehetra eto amin'ny fiangonana.

## Ny mpitahiry vola foibe (329-330.7)

Ny mpitahiry vola foibe dia voafidin'ny birao foibe. Ny mpitambola foibe dia tokony ho mahatoky manoloana ny mpitantana foibe sy ny biraon'ny mpitantana foibe.

Ny andraikitry ny mpitahiry vola foibe:

1. Mitahiry ny vola voaangona rehetra avy amin'ny fiangonana.
2. Mitsinjara izay vola izay araka izay baiko voary avy amin'ny birao.
3. Manao tatitra isan-taona momba ny fitantanam-bolan'ny fiangonana.

## Ny birao foibe (331-336)

Ny birao foibe dia voafidy teo amin'ny fihaonambe. Ny mpitambola sy ny mpitantsoratra dia ao anatin'izany birao izany. 40 eo ho eo no isan'ny mpikambana ao anatin'ny birao ary indray mandeha isan-taona no mivory.

Ny distrika eto amin'ny fiangonana dia miankina

amin'ny faritra ara-jeografia misy azy. Ny faritra tsirairay avy dia hanolotra anarana laika sy loholona ho fidiana ao amin'ny birao foibe. Ary izy ireo no hofidian'ny solon-tena avy amin'ny faritra rehetra ao amin'ny fihaonambe.

Mpikambana ao amin'ny birao foibe

| Habean'ny faritra | Laika | Loholona |
|---|---|---|
| Mpikambana mihoatra ny 100,000 | 1 | 1 |
| 100,001 — 200,000 | 2 | 2 |
| Mihoatra ny 200,000 | 3 | 3 |

Solon-tena manerantany

| | |
|---|---|
| Filohan'ny tanora iraisam-pirenana | 1 |
| Filohan'ny iraka iraisam-pirenena | 1 |
| Sampam-pampianarana Nazareana | 1 |

**Ny andraikitry ny birao foibe**

Ny birao foibe no manentana sy mandrisika ny asan'ny fiangonana maneran-tany. Manampy ny departemanta tsirairay avy hiara-hiasa amin'ny departemanta hafa.

Ny birao foibe no manapa-kevitra ny fampiasana vola amin'ny fitoriana filazan-tsara maneran-tany. Izy ihany koa no mizavara ny vola ho an'ny departemanta tsirairay sy sampan misy eo amin'ny fiangonana. Ny birao foibe ihany koa dia mihaino sy mandray ny tatitra rehetra avy amin'ny departemanta rehetra misy eo amin'ny fiangonana.

## Ny mpanao asa fanompoana eto amin'ny Fiangonan'ny Nazareana.

Misy karazany telo ny mpanao asa fanompoana eto amin'ny Fiangonan'ny Nazareana:

1. Ireo mpanao asa fanompoana eo amin'ny fiangonana eoan-toerana izay nomen'ny birao eo an-toerana alalana.
2. Ireo izay nomen'ny distrika alalana ary nekena teo amin'ny fivorian'ny distrika.
3. Ireo loholona sy diakona efa voaosotra izay efa neken'ny

fivorian'ny distrika ary efa notokanan'ny mpitantana foibe.

**Ireo mpanao asa fanompoana eo an-toerana (428)**

1. Tsy maintsy mpikambana ato amin'ny Fiangonan'ny Nazareana ny olona miroso ho amin'ny asa fanompoana. Ny mpanao asa fanompoana eo an-toerana dia tsy maintsy efa mahazo alalana avy amin'ny birao eo an-toerana ary manaraka ny toro-hevitry ny mpitandrina. Ny famelana azy ireo hanao asa fanompoana dia mampitombo ny fanomezam-pahasoavana ananan'izy ireo.

2. Raha efa loholona ny mpitandrina eo amin'ny fiangonana eo an-toerana dia afaka manome fahazoan-dalana ny birao eo an-toerana, izay soniavin'ny mpitantsoratra sy ny mpitandrina.

3. Raha tsy mbola loholona kosa ny mpitandrina eo an-toerana dia mila mahazo fahazoan-dalana avy amin'ny biraon'ny distrika sy ny mpitantana ny distrika ilay fahazoan-dalana.

4. Ireo olona hiroso amin'ny asa fanompoana dia tsy maintsy jerena ny traikefany mikasika ny famonjena, ny fahalalany mikasika ny Baiboly sy ny boky toro-lalan'ny Fiangonana. Misy mampiseho ihany koa izy ireo fa manana ny fanomezam-pahasoavana ilaina amin'izany izy ary farany ny fananana fahamatorana ara-panahy.
5. Iray taona ny fahazoan-dalana.

6. Ireo mpanao asa fanompoana ihany koa dia tokony hanaraka fampianarana mikasika ny fanaovana asa fanompoana. Raha tsy mahavita kilasy roa izy ireo dia tsy ho avaozina ny fanomezan-dalana azy ireo.

7. Ny fahazoan-dalana dia azo havaozina, ny biraon'ny fiangonana no manome izany miaraka amin'ny faneken'ny

mpitandrina. Raha tsy mbola voatokana ilay mpitandrina, dia mila tsy maintsy mangataka fahazoan-dalana avy amin'ny mpitantana ny distrika ny mpitandrina eo an-toerana sy ny biraon'ny fiangonana.

**8.** Ny mpanao asa fanompoana eo an-toerana dia tsy mbola manatanteraka batisa sy fanasan'ny Tompo ary ihany koa tsy mbola mahazo manamasina fanambadiana.

**Ireo mpanao asa fanompoana nahazo alalana avy amin'ny distrika (429)**

1. Tsy maintsy mpikambana eto amin'ny Fiangonan'ny Nazareana izy ireo ary tsy maintsy efa nandre antso mazava hiditra amin'ny fanaovana asa fanompoana mandritra ny androm-piainany manontolo.

2. Tsy maintsy efa nahazo fahazoan-dalana teo amin'ny fiangonana eo an-toerana nandritra ny 1 taona.

3. Mila mahazo ny fankatoavana avy amin'ny fiangonana eo an-toerana misy azy. Raha mitandrina fiangonana ilay olona mangataka hanao asa fanompoana dia mila fankatoavana avy amin'ny filan-kevitry ny distrika.

4. Tsy maintsy nahavita fianarana Baiboly taona voalohany na kilasy 8 farafahakeliny ao amin'ny ivo-toeram-pampianarana teolojia.
5. Tsy maintsy mameno taratasy fangatahana fahazoan-dalana manao asa fanompoana ary manolotra izay eo amin'ny komity mpanome alalana.

6. Tsy maintsy manatrika ny fianarana mikasika ny asa fanompoana izay omen'ny distrika na ivo-toeram-pampianarana Baiboy.

7. Raha mitandrina fiangonana kosa indray, dia mila manome tatitra isam-bolana any amin'ny mpitantana ny distrika.

8. Tsy maintsy ataon'ny birao mpanome alalana fanadihadiana ihany koa ilay olona hiroso amin'ny asa fanompoana ahitana ny fiainam-panahiny, ny fahalalany ary jerena ihany koa raha mety aminy ilay asa fanompoana.

9. Tsy maintsy mahazo vato betsaka amin'ny fifidianana atao amin'ny fivorian'ny distrika.

10. Tapitra isaky ny faran'ny taom-piangonana ny fanomezan-dalana.

11. Ireo mpanompo efa voatokana, izay manatanteraka tsara ny asa fitandremana ary maneho izany, ka afaka tamin'ny fianarana rehetra nataony, dia hanana fahefana hitory teny sy hanatanteraka ny sakramenta ao amin'ny kongregasiona misy azy.

12. Ireo mpanompo efa voatokana avy amin'ny fiangonana evanjelika hafa dia tsy maintsy maneho ny fahazoan-dalana ananany ary mampiseho ny fianarana izay efa nataony raha toa ka misy mitovy amin'izany ny ato amin'ny Fiangonan'ny Nazareana, ary ihany koa manaiky hanaraka ireo fepetra rehetra voalaza etsy ambony ireo dia afaka omen'ny distrika fahazoan-dalana hanao asa fanompoana.

Rehefa azon'ilay mpitandrina ilay fahazoan-dalana dia manatanteraka ireto voalaza manaraka ireto mba ahazoana izany indray amin'ny taona manaraka:

1. Tsy maintsy mameno ilay taratasy fangatahana ny fanavaozana indray ilay fahazoan-dalana ny mpitandrina

isan-taona.

2. Mila mahazo fankatoavana avy amin'ny filan-kevitry ny distrika ny mpitandrina.
3. Tsy maintsy mahavita mianatra kilasy roa farafahakeliny ankoatran'ilay fampianarana mandritra ny taona ny mpitandrina
4. Raha mitandrina fiangonana ilay mpanompo, dia tsy maintsy manome tatitra isam-bolana any amin'ny mpitantana ny distrika.
5. Tsy maintsy maneho ny mpitandrina fa manana fahasoavana, fanomezam-pahasoavana izy ary mahavita ilay asa nampiandraiketina azy.
6. Tsy maintsy mahazo fankatoavana avy amin'ny birao mpanome alalana sy ny fihaonam-be ilay mpitandrina.
7. Tsy maintsy manana tanjona ho loholona na diakona ato amin'ny Fiangonan'ny Nazareana ilay mpitandrina. Ny mpanompo voatokana dia tsy hahazo fanavaozana izany intsony izy ny taona 10 manaraka raha tsy hoe misy tranga manokana.

**Ny diakona (430)**

Ny diakona dia ireo olona izay nantsoina hanao asa fanompoana Kristiana amin'ny fotoana rehetra, fa tsy antso hitory ny Teny. Ny sasany amin'ny diakona dia mandany ny fotoanany amin'ny fikarakarana ny ankizy, ny sasany manao asa any amin'ny hopitaly, ny sasany ireo manao asa fitsidihana any amin'ireny fiangonana lehibe ireny ary ny sasany dia mandany ny fotoanany amin'ny fanaovana asa fitserana.

Manana fahefahana hanatanteraka sakramenta na mitarika fotoam-pivavahana sy mitory teny ny diakona.

Ny dingana arahina raha te hiditra amin'ny fanosorana ho diakona dia mitvoy amin'ny loholona ihany fa ny fianarana takiana no misy fahasamihafana kely.

**Ny loholona voaosotra (431)**
Ny loholona dia mpanompo izay nandre antso mazava avy amin'Andriamanitra hitory teny. Tsy maintsy nahavita tanteraka ny fianarana rehetra hidirana ho amin'ny fanompoana izany. Mila maneho fahamatorana ara-panahy, maneho ny fananana fanomezam-pahasoavana ary maneho ny vokatra eo amin'ny fanaovana asa fanompoana. Ireo mpanompo voaosotra dia mila manome ny heriny manontolo mandritra ny androm-piainany amin'ny asa Kristiana. Fanompoana maharitra izany ary ny fanosorana dia tsy havaozina isan-taona.

Ny mpanompo nahazo alalana dia tsy maintsy mahavita ireto fepetra takiana ireto raha te hiditra amin'ny fanosorana:

1. Mahavita ny fianarana rehetra hidirana amin'ny maha loholona.

2. Manao asa fanompoana amin'ny fotoana rehetra mandritra ny roa taona misesy, na manampy ny mpitandrina mandritra ny telo taona.

3. Mila mangataka fanavaozana ilay fahazoan-dalana hanao asa fanompoana any amin'ny biraon'ny fiangonana na any amin'ny biraon'ny distrika.

4. Mila fijerevana manokana sy fankatoavana avy amin'ny birao mpanome alalana ilay mpanompo raha afaka hiditra amin'ny fanosorana na tsia.

5. Raha toa ka efa nisara-panambadiana ilay olona iray, dia ny birao foibe no manapa-kevitra ny amin'ny fanosorana azy na tsia.

6. Tsy maintsy mahazo ny 2/3n'ny vato n'ny loholona mifidy ilay mpanompo eo amin'ny fivorian'ny distrika.

7. Fotoana manokana ny fanosorana, ny mpitantana foibe no manatanteraka izany mandritra ny fivorian'ny distrika. Ny mpitantana foibe sy ireo loholona no mametra-tanana ilay mpanompo ary manosotra azy ho anisan'ny loholon'ny Fiangonan'ny Nazareana.

**Ny fanekena ho ara-dalàna ny fanomezan-dalana (432)**
Ireo mpanompo efa voatokana avy amin'ny fiangonana evanjelika hafa, manana faniriana hitambatra amin'ny fiangonan'ny Nazareana dia tsy maintsy manaraka ireto dingana manaraka ireto:

1. Hampanaovina fanadinana mikasika ny boky toro-lalàn'ny fiangonana sy ny tantaran'ny Fiangonan'ny Nazareana.
2. Mamaly ny fanontaniana rehetra mila valiana ho amin'ny fanokanana, ary manao fangatahana ny fanekena ny maha-ara-dalana ny fanomezan-dalana.
3. Mijery ireo fepetra rehetra efa voalaza etsy ambony.

The general superintendent will issue a certificate of recognition.

**Ny fialana na fanesorana amin'ny Asa fanompoana**
Ny asan'ny loholona dia maharitra fa tsy havaozina isan-taona akory, fa kosa ny loholona dia mila manome tatitra eo amin'ny fivorian'ny distrika. Ilay sertifika azo eo amin'ny fanosorana ilay olona iray dia midika ho fifanarahana eo amin'ilay mpanompo sy ny fiangonana. Rehefa mifanaraka tsara amin'ny foto-pampianaran'ny fiangonana sy ny asan'ny fiangonana ny fiainan'ilay mpanompo sy ny fampianarany dia mety ny ahazoana izany.

Ny mpanompo voaosotra dia tsy tokony hanangana fiangonana mahaleo tena izay tsy eo ambany fahefan'ny Fiangonana Nazareana ary tsy nahazo fankatoavana avy amin'ny filan-kevitry ny distrika. Raha misy loholona na diakona mikambana amin'ny fiangonana

hafa dia hijanona tsy ho loholona na diakona eto amin'ny Fiangonan'ny Nazareana izy. (433.10)

Afaka miala amin'ny fanaovana aza fanompoana ny mpanompo iray ary mamerina ny fahazoan-dalana any amin'ny distrika izay handefa izany any amin'ny mpitantsoratra foibe mba tena ho voatahiry tsara. (435.10)


Raha misy mpikambana amin'ny klerjy izay tsy mahatanteraka ny andraikiny amin'ny fijanonana efatra taona na mihoatra dia azo heverina ho tsy mandray anjara amin'ny maha klerjy azy intsony... (436.2)

Ny dingana arahana raha toa ka misy mpanompo iray manana fitondran-tena ratsy dia hita ao amin'ny boky toro-lalàna 505-507.2

**Tenin'Andriamanitra ho an'ny mpitandrina sy ireo mpitarika ao amin'ny Fiangonana.**

**Ny Apostoly Paoly dia niteny** tamin'ny mpitarika fiangonana tao Efesosy, "Tandremo ny tenanareo sy ny ondry rehetra izay nanaovan'ny Fanahy Masina anareo ho mpitandrina, hiandrasanareo ny fiangonan'Andriamanitra, izay novidiany tamin'ny rany" Asa 20:28 .

Ny Apostoly Petera dia nilaza hoe: "tsy ho mpanjakazaka amin'ny anjara-fiandrasana, fa ho fianaran'ny ondry. Ary rehefa miseho ny Lohan'ny mpiandry, dia hahazo ny saro-boninahitra tsy mety samba hianareo." (1 Petera 5:3-4)


Fiangonan' ny Nazareana
Andalam-pinoana
Andriamanitra
Telo izay Iray
1
2
3
Jesosy Kristy
Fanahy Masina
4
Soratra
Masina
Fanavotana
6
Fahasoavana
mialoha
7
5
Ota, fototra
sy an' ny tena
8
Fibebahana
Fanamarinana
Fahaterahana Indray
Fananganan' anaka
9
10
Fanamasinana
Manontolo
Fiangonana 11
12
Batisa
13
Fanasan'
ny
Tompo
14
Fanasitran'
Andriamanitra
© 2008 Stéphane Tibi and his licensors.
All rights reserved. www.studymaps.org
15
Fiavian' I'
Kristy
Fanindroany
16
Fitsanganana
amin' ny maty,
fitsarana ary
fandaharana